REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

MINISITERAM-PANJAKANA MIANDRAIKITRA NY TETIKASAN'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA SY NY FANAJARIANA NY TANY ARY NY FAMPITAOVANA

LALANA LAHARANA FAHA 2015-052 tamin'ny 03 febroary 2016

mikasika ny Fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana

Ny Antenimieram-pirenena sy ny Kongresy dia nandany tamin'ny fotoam-pivoriana nataony tamin'ny 16 desambra 2015 ;

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA, FILOHAM-PANJAKANA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny fanapahana laharana faha 12-HCC/D.3 tamin'ny 29 janoary 2016 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ;

DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY LALANA IZAY TOY IZAO NY ANDININDININY:

BOKY VOALOHANY

FITSIPIKA ANKAPOBE MOMBA NY FANAJARIANA NY TANAN-DEHIBE

LOHATENY I

FEPETRA ANKAPOBE

Toko voalohany: Famaritana sy Seha-pampiharana

Andininy voalohany: - Ho fampiharana ny fepetra ao amin'ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana, izao lalàna izao no mametra ny fitsipika ampiharina amin'ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Izy no mamaritra ny fitsipika ankapobe mikasika ny fitantanana ny filasiana, ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny fampiasana ny tany ary manoritra ny fepetra mihatra amin'ny fitantanana ny sora-panjakana momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny asam-panorenana ao anatin'ny faritry ny politikan'ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-tsosialy sy ny fanajariana ny tany ary koa ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny tontolon'ny voahary.

Izy no mikendry ny hitondrana ny vahaolana mivaingana sy mitombina amin'ny olana mifandray amin'ny fandaminana ny filasiana sy ny an'ireo mikasika ny fanajariana ny tany,

indrindra ny fandaminana ny rafitry ny tany sy ny fitantanana ny tanàn-dehibe, miteraka ny fanatsarana ny toe-piainan'ny mponina sy ny fametrahana ny fototry ny famokarana ny harena amin'ny alalan'ny fampandrosoana voalamina sy maharitra, ary mampifanaraka ny fanarahana amin'ny toetr'andro sy ny fanomezan-danja ny maha izy azy ny Firenena ary ny mampiavaka ny any amin'ny faritra sy eo an-toerana.

Andininy 2:- Araka ny hevitra ao amin'ity lalàna ity, ny atao hoe fanajariana ny tanàn-dehibe dia ny haikanto sy ny teknika momba ny asam-panorenana, ny fandaminana sy ny fanajariana ny tanàna araka ny fitsipika mikasika ny fiainana milamina, ny rindran'endrika amam-bika ary ny fitandroam-pahasalamana. Ny fanajariana ny tanàn-dehibe dia mahasahana ny fandinihana ny zava-miseho eny an-tanàn-dehibe, ny hetsika momba ny orin-tanàna ary ny fandaminana ny tanàna sy ny faritra ao aminy.
Ny toeram-ponenana dia ny faritra sy ny fomba ivondronan'ireo trano ipetrahan'ny olombelona.
Ny fanajariana ny tany dia ny fitambaran'ny hetsika mikendry ny fametrahana amin'ny fomba milamina, eny amin'ny filasiana ao amin'ny firenena iray sy amin'ny alalan'ny vina jery lavitra, ny mponina sy ireo asa aman-draharahany, ny asam-panorenana, ny fampitaovana ary ny fotodrafitrasa, ka heverina ny zavamisy momba ny voahary, olombelona ary toekarena eny fa na dia stratejika aza.
Ny atao hoe tanàna dia faritra iray misy vangongon-tanàna ahitana ny fitobian'ny mponina sy ny fitomandavan'ny toerana misy tsangan'asa miorina ; miantoka ny asa momba ny fitondran-draharaham-panjakana, ny toekarena, ny lafin-tany ary ny kolontsaina sy mientanentana amin'ny alalan'ny fivoarana tsy mitsaha-mitombo arakaraka ny fotoana sy arakaraka ny toerana.
Ny tondrofetra famaritana sy fanasokajiana ny atao hoe tanàna, ary koa ny lisitry ny tanàna manerana ny tanim-pirenena dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ataon'ny minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Andininy 3:- Ny fitsipika mamaritra ny fepetra ampiharina mikasika ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana dia mifototra amin'ny feni-kevitra ifaharana araka izay tanisaina toy izao manaraka izao :

- fitsinjarana ny fahefana, fari-pahefana ary anjara raharahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mikasika ny fanomezana alalana hanajary tanàn-dehibe sy hanorina.
- fampiharana ny fitsipika momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe eto amin'ny firenena araka izay voalazan'izao lalàna izao ho an'ny fitantanana ny sora-panjakana momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny asam-panorenana raha tsy misy ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe na izay rehetra taratasy firaketana hafa momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe mahasolo izany.

Andininy 4:- Izao lalàna izao no mamaritra ihany koa ny didy amam-pitsipika ilaina amin'ny fampiharana ireo sora-panjakana momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe ireo indrindra mikasika ny fananan-tany, fitantanam-bola sy lalàna.

Izy no mametra ny fahefana, ny fari-pahefana ary ny anjara raharahan'ny mpisehatra samihafa eo amin'ny lafiny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Toko II
Lamin-draharaha

Sokajy voalohany
Anjara asan'ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana

Andininy 5:- Ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana no manatanteraka ny politikan'ny Fanjakana mikasika ny fanajariana ny tany, indrindra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.
Amin'izany, izy no miantoka ny fandrindrana sy ny fampirindrana ny stratejia firotsahana an-tsehatra ataon'ny departemantan'ny minisitera sy ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana samihafa.

Andininy 6:- Miaraka amin'ny fanampian'ireo sampan-draharaha anapariaham-pitondrana ao aminy, ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana dia manohana ny hetsika ataon'ny departemantan'ny minisitera samihafa voakasika sy ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary mandray ny fepetra rehetra ahafahana manamafy ny rafitra mpanapa-kevitra manoloana ny fivoaran'ny mponina, ny teknika, ny toekarena, ny sosialy ary ny tontolo iainana.
Ny fanendrena sy ny anjara raharahan'ireo solontenan'ny sampan-draharaha voalaza etsy ambony dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Andininy 7:- Ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana dia mitandro mba atao mifanaraka amin'ny soridalan-kitondrana, indrindra ny Rakitsarin'ny Fanajariana ny Tany eto amin'ny Firenena sy ny Rakitsarin'ny Fanajariana ny Tany any amin'ny Faritra ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe.
Izy no manohana ny fandraisana andraikitra rehetra ataon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ho an'ny fametrahana sy ny fampiharana ny didy amam-pitsipika momba ny fandaminana ny rafitry ny tany.
Izy no mitandro ny fitantanana mivaingana ny filasiana eny an-drenivohitra miaraka amin'ny fanampian'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika.
Ny paika arahina amin'ny fandinihana ireo didy amam-pitsipika momba ny fandaminana ny rafitry ny tany ireo dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Sokajy II
Ny amin'ny Komitim-pirenena momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana

Andininy 8:- Atsangana ny komity fakan-kevitra antsoina hoe "*Komitim-pirenena momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana".*
Io Komity io dia akana hevitra mikasika ny raharaha rehetra mahakasika ny lafiny lehibe momba ny fanajariana ny tany hamboarina ho orin-tanàna ary manome ny heviny ara-teknika ao anatin'ny faritry ny anjara raharahany mikasika:

- ny politika eo amin'ny lafiny fanajariana ny tanàn-dehibe ;
- ny politikan'ny toeram-ponenana.

Izy dia tsy maintsy akana hevitra mikasika ny tetikasa momba ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ho an'ny Kaominina renivohitry ny Faritany, ny tanàna mihoatra ny 200000 ny mponina ao aminy ary ny Kaominina manana sata manokana.
Raha misy ny tsy fitoviam-pijery eo amin'ny mpandrafitra ny tetikasa sy ny Komity, ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana no manapaka ny amin'ny fankatoavana na ny fanitsiana ny tetikasa momba ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe.
Ny ho anisany, ny fombafomba fampandehanana ary ny anjara raharahan'ny Komity dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Sokajy III
Ny amin'ny Komitim-paritany momba ny Fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny Toeram-ponenana

Andininy 9:- Atsangana isaky ny Faritany ny komity fakan-kevitra atao hoe "*Komitim-paritany momba ny Fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny Toeram-ponenana".*
Ny fakana ny heviny dia tsy maintsy atao mikasika ny tetikasa momba ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ho an'ny Kaominina renivohitry ny Faritra, hafa noho ny renivohitry ny Faritany.
Raha misy ny tsy fitoviam-pijery eo amin'ny mpandrafitra ny tetikasa sy ny Komity, ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana no manapaka ny amin'ny fankatoavana na ny fanitsiana ny tetikasa momba ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe.
Ny ho anisany, ny fombafomba fampandehanana ary ny anjara raharahan'ny Komity dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Sokajy IV
Ny amin'ny Komitim-paritra momba ny Fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny Toeram-ponenana

Andininy 10:- Atsangana isaky ny Faritra ny komity fakan-kevitra atao hoe "*Komitim-paritra momba ny Fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny Toeram-ponenana".*
Ny fakana ny heviny dia tsy maintsy atao mikasika ny tetikasa momba ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ho an'ny Kaominina, hafa noho ireo voalaza ao amin'ny andininy faha-7 sy faha-8 etsy ambony.
Raha misy ny tsy fitoviam-pijery eo amin'ny mpandrafitra ny tetikasa sy ny Komity, ny Faritany no manapaka ny amin'ny fankatoavana na ny fanitsiana ny tetikasa momba ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe.
Ny ho anisany, ny fombafomba fampandehanana ary ny anjara raharahan'ny Komity dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Sokajy V
Feni-kevitra momba ny andraikitry ny Kaominina amin'ny fandraiketana ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe.

Andininy 11:- Ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe dia atao araka ny finiavan'ny Kaominina na ny vondron'ny Kaominina.

Ny sampan-draharaham-panjakana anapariaham-pitondrana dia apetraka ho ampiasain'ny Kaominina na ny Vondron'ny Kaominina, amin'ny famolavolana, fanovana na fanitsiana ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe.

Andininy 12:- Atsangana isaky ny Kaominina, ny vaomiera fanajariana ny tanàn-dehibe izay manana andraikitra fototra amin'ny :

- fandinihana ny raharaha ataon'ny kaominina mikasika ny fanajariana ny tany, ny fitantanana ny fananan-tany ary ny fitantanana ny tanàn-dehibe ;
- fizohiana ny asa famolavolana ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny fanatanterahana azy ireo ;
- fanampiana sy fanoloran-kevitra ny Ben'ny tanàna sy ireo olom-boafidy monisipaly sy kaominaly mikasika ny fanajariana ny tanàn-dehibe.

Io vaomiera io dia tarihin'ny Ben'ny tanàna sy ahitana ny solontenan'ny Filankevitra sy ny birao mpanantanteraka ary ny solontenan'ireo vondrona samihafa toy ny sampan-draharaha teknika ao amin'ny Minisitera isaky ny sehatrasa voakasika, ny mpisehatra ara-toekarena, ny tsongoin'olom-bolo ary ny fiaraha-monim-pirenena.

Toko III
Ny amin'ny fitsipika momba ny fanajariana ny tanan-dehibe eto amin'ny firenena

Sokajy voalohany
Fepetra ankapobe

Andininy 13:- Ny fitsipika eto amin'ny firenena mikasika ny fanajariana ny tanàn-dehibe voalaza ao amin'ity toko ity dia ampiharina any amin'ny Kaominina rehetra nomena na tsia ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe. Ankoatra izany, atsangana ny fitsipika fototra amin'ny famolavolana rehetra ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny fanaovana ny fitsipika momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe kaominaly.

Andininy 14:- Ny Ben'ny tanàna no manome ny fahazoan-dalana hanorina, ny fahazoan-dalana hanatsitokon-tany sy/na handrodana amin'ny fampiasana ny fitsipika eto amin'ny firenena mikasika ny fanajariana ny tanàn-dehibe tsy tohinina ny fampiharana ny fepetra eto amin'ny firenena na ny fepetra manokana mifehy ny ampahany sasantsasany amin'ny tany sy ny sehatrasa aman-draharaha sasantsasany.

Sokajy II
Fanondroan-toerana sy làlan-kaleha mankamin'asam-panorenana

Andininy 15:-Tsy maintsy lavina ny hazoan-dalana hanorina:
Raha toa ny asam-panorenana, noho ny toetoetrany na ny halehibeny, mety hanohintohina ny fahasalamam-bahoaka na ny tokin'ainam-bahoaka;
Raha toa ny mpanorina tsy afa-manamarina ny zom-pitompoany ny tany na ny alalana avy amin'ny tompony.

Andininy 16: -Ny asam-panorenana eo amin'ny tany mety iharan-doza voajanahary toy ny: tondra-drano, fikaohan'ny nofon-tany, filetsena, fihotsahana, dia mety, raha ahazoana alalana, hiankina aminà fepetra manokana manala ny andraikitry ny manamahefa ara-panjakana.

Andininy 17: Azo lavina ny fahazoan-dalana hanorina eo amin'ny faritry ny tany tsy la lovan'ny lalam-bahoaka na an'olon-tsotra ka tsy ahafenoana ny fepetra mifanentana amin'ny halehibe sy ny fanokanana ny trano na ny tambatry ny trano miorina eo, indrindra amin'izay mikasika ny tsy fahasarotan'ny fifamoivoizana sy ny lalan-kidirana sy ny fomba fankanesana eo mba hampahomby tsara ny ady atao amin'ny haintrano.

Izy io dia mety hiankina:

1°) Amin'ny fanaovana tsangan'asa ahazoan'antoka tsara ny fijanonan'ny fiarakodia ivelan'ny lalam-bahoaka mifanandrify amin'izay ilaina amin'ilay trano haorina;

2°) Amin'ny fanaovana fanajariana manokana mikasika ny lalan-kaleha sy mifandraika amin'ny hamaroan'ny fifamezivezena eo.

Andininy 18:- A – Tsy azo omena ny fahazoan-dalana amin'asam-panorenana ho fonenana, anaovan'asam-barotra, indostria, fambolena raha toa izany haorina latsaka ny:

- 15 metatra miala ny andaniny sy ankilan'ny afovoan'ny làlam-pirenena ary koa ny afovoan'ny lalana ivoaran-drafitra voasoratra anatin'ny lisitra avoaka amin'ny alalan'ny didim-panjakana araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Minisitry ny Asa Vaventy;
- 10 metatra miala ny andaniny sy ankilan'ny afovoan'ny làlam-paritra ary koa ny afovoan'ny lalana ivoaran-drafitra voasoratra anatin'ny lisitra avoaka amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Lehiben'ny faritra;

B-Tsy azo omena ny fahazoan-dalana amin'asam-panorenana, raha toa izany haorina latsaka ny:

- 5 metatra andaniny sy ankilan'ny lalan'ny kaominina kizo tokana;
- 10 metatra andaniny sy ankilan'ny lalan'ny kaominina maharay roa;
- 2 metatra andaniny sy ankilan'ny lalan-kely.
- 1 metatra andaniny sy ankilan'ny lalan-tongotra

Sokajy III
Toeran-kitsanganana sy haben'ny asam-panorenana

Andininy 19:- Azo omena ny fahazoan-dalana amin'asam-panorenana, raha toa:

- Ny velaran'ny tany anorenana dia mihoatra ny 100 metatra toradroa;
- Ny sakan'ny sombin-tany dia tsy latsakin'ny folo metatra vao azo anorenana;
- Ny haavon'ny asam-panorenana dia tsy mihoatra ny H=L;
- Ny velaran'ny tany misy tsangan'asa miorona dia tsy mihoatra ny 70 isan-janton'ilay sombin-tany.

Azo lavina ny fahazoan-dalana hanorina raha toa ny asam-panorenana noho ny toerana hisy azy na ny halehibeny ka mitaky ny fanantanterahan'ny kaominina fampitaovana vaovao ho an'ny vahoaka izay tsy takatry ny hoenti-manana ankehitriny, azo atao kosa anefa ny manome izany raha misy ny fifanarahana ifanaovan'ny mpangataka sy ny kaominina.

Andininy 20:- Amin'ny fanorenana trano atao ho fonenana mitambatra na tsia, raha toa ny toerana hisy azy ka mitaky na fanajariana ampahan-tany amin'ny toerana voatokana ho an'ny besinimaro na loloha manokana amin'ny fampiasana azy, na ny fizarazarana azy ho zary sombin-tany ary koa amin'ny fanoranana trano na tsangan'asan'ny indostria dia azo'ny manampahefana manome ny fahazoan-dalana takiana:

1° ny fanaovan'ny mpanorina lahasam-pikajiana ho azo iainana, indrindra ny momba ny lalana anadiovana sy andraofana ny fako, ny fizaran-drano, ny fanarian-dano maloto, ny fanazavana, ny fananganana toeram-piantsonana, faritra malalaka na fambolen-kazo;

2° ny fandraisan'ny mpanorina anjara amin'ny lany amin'ny fampitaovana ho an'ny besinimaro manandrify izay ilaina amin'ny asam-panorenana azy zary tsy maintsy atao noho ny fananganana azy ireny;

3° ny fanorenana voatokana indrindra manokana ho fampitaovana amin'asam-barotra sy asa tanana mifanentana amin'izay ilainy hipetraka amin'ny trano kasain-kajoro;

4° ny fananganana fikambanana sendikàly miandraikitra ny fanatambatambarana ny tany, ny fitantanana sy ny fikojakojana ny taoraha sy fanajariana isitrahana tombotsoa iombonana.

Andininy 21:- Raha toa ny asam-panorenana, noho ny halehibeny, ny toerana hisy azy sy ny fanokanana azy ka mifanohitra amin'ny asa fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe araka ny voasoritry ny kisarin'ny fanajariana ny tany eto amin'ny firenena na ny kisarin'ny fanajariana ny tany isam-paritra ary koa ny toromarika fanajariana manerana ny firenena notinapaky ny governemanta, dia azo lavina ny fahazoan-dalana hanorina na tsy omena raha tsy hajaina ny fameperana manokana.

Andininy 22:- Raha tsy voatandrina ny fameperana manokana dia azo tsy omena ny fahazoan-dalana hanorina, raha toa ny asam-panorenana, noho ny toerana hisy azy, ny halehibeny na ny refiny ka mampisy fiantraikany manimba ny tontolo iainana.
NY fahazoan-dalana hanorina dia mety hiankina amin'ny fitandrovana na amin'ny fampisiana faritra rako-maintso mifanaraka amin'ny halehiben'ny trano haorina eo amin'ny lafiny habeny sy ny hampiasana azy.

Andininy 23:- Ny fampidirana rano fisotro sy ny fandiovana ho ara-pahasalamana ny trano rehetra atao ho fonenana na ho trano fiasana andro sy alina , fialan-tsasatra sy na fankanaina ary koa ny famoahana, ny fandiovana sy fanarian-drano maloto dia tsy maintsy tontosa araka ny fepetra mifanaraka amin'ny didy amam-pitsipika manan-kery, amin'ny vinavina na tetikasa fampidirana rano fisotro sy fandiovana ho ara-pahasalamana.

Andininy 24:- Raha tsy misy ny tambajotram-bahoaka ary raha toa ka azo antoka ny fitandroam-pahadiovana ankapobe sy ny fitandremam-pahasalamana dia avy amin'ny fatsakana tokana ihany no amatsian-drano ny tambajotra fizaran-drano fisotro na, raha tsy mety mihitsy izany, avy amin'ny farafahakelin'ny isan'ny fatsakana; ny tambajotra fanarian-drano maloto dia miafara aminà taoraha fandiovana tokana sy fanariana azy amin'izay toerana ivarinany ho azy na, raha tsy mety mihitsy, amin'ny farafahakelin'ny isan'ireny taoraha ireny.

Ankoatr'izany, ny fanorenana an'ireny tsangan'asa iombonana ireny dia atao izay ahazoa-mampifandray azy any aoriana amin'ny tambajotram-bahoaka voavinavina amin'ny tetikasa fitarihan-drano sy fandiovana ho ara-pahasalamana.

Ny rano voaloton'ny faikan'indostria sy ny rano maloto hafa isan-karazany, ho diovina dia tsy azo avela hifangaro amin'ny ranonorana sy rano voaloton'ny faikan'indostria izay azo ariana any amin'izay ivarinany ho azy tsy ilàna fikarakarana. Ahazoan-dalàna anefa io fifangaroany io raha toa tsy anoinan-tsarotra velively ny fandiovana ny larony vokatr'izany.

Sokajy IV
Endriky ny asam-panorenana sy fikajiana ny fahamendrehan'ny tanàna

Andininy 25:- Ny fanorenana voavina sy miorina ary voakajy araka ny tokony ho izy dia natao hateza farafaharatsiny telompolo taona.

Ny rafitra tanana sy ny fitaovana ampiasaina dia tsy maintsy mahatohitra miaraka amin'ny fepetran'ny tokin'aina sahaza amin'ny ezaka atao sy ny fanoherana izay mety hitranga aminy ara-dalàna ary mampiseho ny hery ampy tsara amin'ny fahatantesana ny afo.

Ny karazany, ny haavony ary ny endriky ny fefy amin'ny asam-panorenana izay takiana ao amin'ny fahazoan-dalana hanorina dia mety ho fehezin'ny fitsipika izay ferana amin'ny alalan'ny fitsipika monisipaly na kaominaly momba ny asam-panorenana, ho an'ny kaominina iray na maromaro.

Amin'ireo asam-panorenana atsangana miataka aorian'ny hitsin'ny tandavana, ny fefy alohan'ny tavan-trano mifanolotra amin'ny làlana dia ho azo soloana, araka ny fahazoan-dalana avy amin'ny ben'ny tanàna, fanajariana famenony ny sisin-dàlana manerana ny velaran'ny tany rehetra omena hampiasain'ny mpandeha an-tongotra amin'izany.

Ny tompony no miantoka ny lany amin'ny fanajariana.

Andininy 26:- Ny fanorenana na fanitarana tsangan'asa na tranon'indostria dia mety hiankina aminà fepetra manokana, indrindra amin'ny fanajariana tako-java-maintso na ny famelana elanelana ihemorana.

Sokajy V
Ny amin'ny fenitry ny fampitaovana

Andininy 27:- Ny fenitry ny fampitaovana dia voafaritra ao amin'ny bokin'andraikitra atovana amin'ny drafitry ny fanajariana na amin'ny drafitry ny tsitokon-tany, arakaraka ny tranga.

Ny karakaran'ny fitsiahy sy ny fetra amin'ny velaran'ny tany voakasika dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

LOHATENY II

FITSIPIKA ANKAPOBENY MOMBA NY FAMPIASANA NY TANY

Toko voalohany
Drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe

Sokajy Voalohany
Famaritana

Andininy 28: -Ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe no mamaritra ny fepetra ahafahana, andaniny, mametra ny fampiasana ny velaram-paritra, mitsimbina ny asa aman-draharaha momba fambolena, miaro ny faritra rakotr'ala, ny toera-manintona, ny endrikendriky ny tontolon'ny voahary na ny tanan-dehibe ary koa ny fikajiana ny taratry ny taoraha kanto na tanan-dehibe, misoroka ny fitrangan'ny loza voajanahary azo ampoizina sy/ny mety ateraky ny teknolojia ary ankilany, mitaratra ny hisian'ny faritra ampy anaovan'asam-panorenana amin-draharaha ara-toekarena sy ikatsahana ny tombontsoan'ny besinimaro ary koa amin'ny hoenti-manana izay ilaina amin'izao fotoana izao sy amin'ny hoavy amin'izay mikasika ny toeram-ponenana, fotodrafitrasa ary fampitaonvana.

Ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe dia fitaovana enti-mitantana ny fanajariana sy ny fivoaran'ny tanan-dehibe.

Ny filasiana metropilitana dia tsy maintsy mamolavola ny drafitry ny soridalan-kitondrana stratejika ho an'ny fampandrosoana ka ny vontoatiny sy ny paika arahina amin'ny fanadihadiana dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Sokajy II
Drafitry ny tanan-dehibe ifaharana

Zana-tsokajy I
Seha-pampiharana

Andininy 29:- Ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana no mametra ny soridalana mandry paika itondrana ny fivangongoan'ny tanàna izay tsy maintsy anaovana fanadihadiana ny fivoarany noho ny fifampiankinana eo amin'ny lafiny toekarena, sosialy sy momba ny tontolo iainana eo amin'ireo anisan'ny singa samy hafa anatin'ny faritra misy azy.

Izany fivangongoan'ny tanàna izany dia mety hahakasika kaominina iray na maromaro an-tanan-dehibe sy/na ampahany na izy manontolo amin'ny kaominina iray na maromaro ambanivohitra mifanakaiky.

Ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana no mamaritra ny ho fanokanana amin'ankapobeny ny tany sy, raha ilaina, ny karazana sy soritsoritry ny fampitaovana goavana aminà fotodrafitrasa, indrindra manokana mikasika ny fitaterana, ny fanondroan-toerana ny hisy ny fisahanan'asa aman-draharaha mavesa-danja indrindra.

Manoloana ny vinavina mikasika ny fitomboan'ny mponina sy ny zavatr'ilaina amin'ny toeram-ponenana, asa sy fampitaovana, dia izy no mametra ny soridàlana ankapobe itondrana ny fitaran'ny tanan-dehibe sy ny fanavaozan-drafitra amin'ny faritry ny tanan-dehibe.

Andininy 30:- Ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana no mametra ny soridalana mandritra ny roapolo taona ho avy ary dia raiketina izy io hifanaraka amin'ny soridalan-kitondrana ny kisarin'ny fanajariana ny tany eto amin'ny Firenena sy ny kisarin'ny fanajariana ny tany isam-paritra.

Zana-tsokajy II
Antonanton'ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana

Andininy 31:- Ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana dia ahitana izao manaraka izao ho an'ny vangongoan'ny tanàna voakasika:

- -ny tanjona sy ny safidy amin'ny fanajariana momba ireo faritra vaovao anorenana tanan-dehibe sy ny fialohana amin'ny fampanjariana azy ho tanan-dehibe;
- -ny faritra andraràna izay rehetra fampanjariana azy ho tanan-dehibe;
- -ny tany fambolena sy ny faritry ny ala ho tsimbinina;
- -ny faritry ny tany ho tsimbinina na ho beazim-boho toa ny toera-manintona, ny toerana manan-tantara na mirakitra ny ela;
- -ny faritra anajariana ny fananan-tany;
- -ny fandaharan'asa momba ny fampitaovana, sy ny lalan-kaleha sy fandraofana ny fako hampisy ny fivoaran-drafitra;
- -ny fampitaovana goavana;
- -ny fenitra fandaminana ny fitaterana sy ny fivezivezena;
- -ny faritry ny tany izay azon'ny fanjakana, ny kaominina na antokon-draharaham-panjakana atokana ho fitahiry;
- -ny fenitra fandiovana ho ara-pahasalamana sy ny toerana voatokana amin'ny fanarian-drano maloto sy ny toerana hametrahana ny fakofako isan-tokantrano.

Ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana dia mamaritra ihany koa ny anjara toeran'ny trano fonenana sosialy tokony ho tsinjovina amin'ireo faritra isanisany hamononana drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany.

Andininy 32:- Ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana dia ahitana ireto taratasin-draharaha manaraka ireto:

- ireo antontan-taratasy amin'ny kisary ahitana ny taosarintany amin'ny mari-drefy 1/10000, voaisa sy misy fitsiahy ara-jeografika manaraka ny rafitry ny fangitra eto amin'ny firenena manondro indrindra :

- -ny faritra hanaovana fanajariana ny tanan-dehibe, ny filaharan'ny fisokafany, ny votoatin'ny kinendry aminy ary ny ho hakitrohany;
- -ny soritry ny lalambe ifamoivoizana indrindra, ho tànana, hasiam-panovàna na hosokafana ombàn'ny mifampiankina aminy, ny sakany ary ny toetoetra iavahany;
- -ny toerana voatokana hisy ny tsangan'asa lehibe hitandroana ny tombontsoan'ny besinimaro ;
- -ny faritra andraràna izay rehetra lahasa fanajariana tanan-dehibe;
- -ny tetikasa savaranonando ifaharana amin'ny famatsian-drano sy ny fandiovana ho ara-pahasalamana.

- ny lemaka amin'ny fanokanan-tany fiandry ;
- ny drafitry ny fandravonana ;

Taratasin-draharaha mandry an-tsoratra manondro:

- -ny filazana fohy ny vina mandry paika itondrana ny fampandrosoana an-tanan-dehibe, ara-toekarena, momba ny tontolo iainana, kolontsaina ary sosialy;
- -ho an'ny faritra isanisany voakasiky ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany, ny fotopototry ny tanjona ho tratrarina sy ny habetsaky ny mponina eo ho raisina na havela hitoetra eo;
- -ho an'ny faritra isanisany anatanterahana tetikasa, ny karazan'ny tetikasa, ny fotopototry ny tanjona ho tratrarina, ny asa aman-draharaha hosahanina, ny habetsaky ny mponina eo, ary raha ilaina, ny fampiasam-bola azo andrandraina ary ny mpiombon'antoka voakasika;
- -ny tokotokony ho tetibidin'ny fampiasam-bola samihafa, fampitaovana sy fotodrafitrasa aroso ao anatin'ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe mandritra ny dimy taona hoavy;
-

Fehezam-pitsipika iray mametra:

- -ny fitsipika sy loloha zakaina mikasika ny fampiasana ny tany voamarin'ny toetoetr'ilay faritra na vangongon-tanàna noheverina na ny zava-takiana amin'ny ankapobeny na eo an-toerana ary koa ny zava-takian'ny fiarovana ny fiaraha-monina na ny fampandehanana ny sampandraharaham-panjakana;
- -ny adidy iantsorohana amin'ny fanaovana fanadihadiana mikasika ny fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana amin'ny fananganana fampitaovana manokana;

  Amin'ny faritra sasantsasany, fandrarana na fandraiketana fitsipika mifehy ny fananganana na fitrandrahana orinasa vaovao momba ny indostria sy ny fihitaran'ny orinasa efa mijoro.

Sokajy III
Drafitra fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany

Zana-tsokajy I
Seha-pampiharana

Andininy 33:- Voadinika ao amin'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany ny momba ny faritra manokana amin'ny drafitra fanajariana ny tana-dehibe ifaharana arakaraky ny zavatra manokana ilain'ny faritra na vakim-paritra voakasika.

Ifotorana amin'ny fandraiketana azy io ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana nahazoam-pankatoavana hanan-kery. Fampiasa eo an-toerana izy io ka ny famolavolana ny

drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany dia ialohavan'ny Drafitra isan-toerana momba ny fizakan-tany amin'ilay faritra na vakim-paritra voakasika.

Ny tetikasa sy ny soridalan-kitondrana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany tokoa mantsy dia tsy maintsy voamarin'isa sy voamarin-toerana araka ny firaisan-tendrony fampiasa eto amin'ny firenena amin'ny famakiana ny taontsaritanin'ny fananan-tany eto Madagasikara.

Zanan-tsokajy II
Havesa-danjany, antonantony ary zava-boarakitry ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany.

Andininy 34: - Ny drafitry ny fanajariana ny tany amin'antsipiriany dia mametra, anatin'ny tsinjom-koavy maharitra 10 taona, araka izay mampiavaka ny faritry ny tany ampiharana azy, ny fitsipika mikasika ny fampiasana ny tany sy manoritra:

- -ny fombafomba manokana fampiasana ny tany sy ny hakitrohan'ny fitoerana aminy;
- -ny fanajariana sy ny fampandrosoana ny vakim-paritra an'ivony;
- -ny asa fanavaozana an-tanan-dehibe sy fanongoana ny toeram-ponenana tsitokon-tany tsy mahasalama;
- -ny faritra fanajariana lany era;
- -ny famaritana ny faritra hojariana amin'ny manaraka sy ny velaran-tany anaovan'asam-panorenana vonjimaika;
- -ny faritra izay ahazoan'ny Fanjakana sy ny kaominina manao ny fanokanan-tany;
- -ny faritra ho tandrovana;
- -ny fombafomba fitandremana ny fianahan'ny loto sy helingelin-dratsy isan-karazany;
- -ny soritry ny arabe falehan'ny besinimaro, ny lalana misampana fanindroany sy fanintelony, ny lalana natokana ahafahana mamono afo, ary ny voafaoka aminy sy ny toetoetrany afa-tsy ny lalana ampiasaina amin'ny fivoahana sy fidirana amina trano lehibe fotsiny ihany;
- -ny fitsipika sy loloha amin'asam-panorenana voamarin'ny toetoetran'ilay toerana na ny ilaina amin'ny fampandehanana ny raharaham-panjakana;
- -ny tetikasa savaranonando amin'antsipiriany mikasika ny famatsian-drano fisotro sy fandiovana ho ara-pahasalamana ny vakim-paritra voakasika;
- -ny vinavinan'ny lany amin'ny lahasa voalazan'ny drafitra;
- -ny filaharan'ny hamehana amin'ny lahasa voalazan'io drafitra io;
- ny fametrahana ny fakan-drano ho an'ny mpamonjy trano may;
- ny lemaky ny tokin'aina any amin'ny toerana stratejika toy ny trano ipetrahan'ny miaramila sy ny filasiana iasan'ny miaramila.

Andininy 35:- Ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany dia tsy maintsy ahitana ireto taratasin-draharaha manaraka ireto:

Taratasin-draharaha miraki-tsary ahitana:

- -ny drafitry ny fampiasana ny tany sy ny taosaritanin'ny fananan-tany na Drafitra isan-toerana fizakan-tany amin'ny mari-drefy 1/2000 ahay arakaraka ny velaran'ny vakim-paritra na faritra voakasika;
- -ny drafitry ny lalana ombàn'ny fanasokajiana ny lalan-kaleha efa misy na vao hatao miaraka amin'ny voafaokany avy;
- -ny drafitry ny tambajotra famatsian-drano fisotro sy herin'aratra an'ilay vakim-paritra na faritra voakasika;
- ny sarintanin'ny toerana misy ny fampitaovana ho an'ny besinimaro efa vita na vao hatsangana, ny fanokanan-tany fiandry (mari-drefy 1/5000 hatramin'ny 1/1000)
- ny drafitra manondro ny lemaka amin'ny fanokanan-tany fiandry, ny faritra fanajariana lany era ary ny faritra fanajariana miavaka ;
- ny drafitra manondro ny lemaka amin'ny faritra fiarovana ny toerana mirakitra ny ela amin'ny rindran'endrika amam-bikan'ny taotrano sy tontolon'ny voahary an-tanàn-dehibe manan-tantara ;
- ny drafitry ny fandravonana.

Taratasin-draharaha mandry an-tsoratra ahitana indrindra:

- -ny fitsipika mifehy ny fanajariana ny tanan-dehibe manoritra ny fitsipika momba ny fampiasana ny tany, ny loloha zakaina ary adidy hafa iantsorohana ho fanatontosana ny fanajariana mifampiankina sy mirindra, ny fepetra maharitra ela, ary raha ilaina, ny fepetra famelana handingana an'ireny fitsipika ireny aminà lahasa fanajariana sasantsasany;
- -ny fanombanana ny saran'ny fanatontosana ny fotodrafitrasa sy ny fampitaovana ho an'ny besinimaro araka ny nandaharana azy;
- -ny tari-dalana amin'ny fampiasana sy famakiana ny taratasin-draharaha.

Mety hisy ny fameperana manokana takiana aminà drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany mikasika ny vakim-paritra hohavaozina ny firafiny.

Sokajy IV
Ny amin'ny drafitry ny soridalan-kitondrana stratejika

Zana-tsokajy voalohany
Ny amin'ny seham-pampiharana

Andininy 36:- Arafitra, araka ny fepetra voalazan'ity sokajy ity, ny drafitry ny soridalan-kitondrana stratejika eo amin'ny ambaratongan'ny vangongon-tànana.

Ny drafitry ny soridalan-kitondrana stratejika dia volavolaina ho an'ny filasiana metropolitana.

Zana-tsokajy II
Ny amin'ny antonanton'ny drafitry ny soridalan-kitondrana stratejika

And. 37.- Ny drafitry ny soridalan-kitondrana stratejika no mamaritra ny vina stratejika sy ny soridalan-kitondrana goavana ho an'ny fampandrosoana ny toerana sy sosialy ary toe-karena ao amin'ny filasiana metropolitana amin'ny vangongon-tanàna iray.
Ny ho anisany sy ny fombafomba famolavolana sy fanitsiana ny drafitry ny soridalan-kitondrana stratejika dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ataon'ny minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenena.

Toko II
Famolavolana, toromarika, fanavaozana ary fepetra fitandremana

Sokajy voalohany: Famolavolana, toromarika ary fankatoavana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe

Zana-tsokajy voalohany
Ankapoben-draharaha

Andininy 38:- Ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany dia volavolaina na havaozina araka ny tsirin-kevitra avy amin'ny kaominina na vondron'ny kaominina mahatsapa ny fisian'ny tombontsoa iombonana ara-toekarena sy ara-tsosialy.

Ny velaram-paritry ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany dia atao mifantoka indrindra indrindra amin'ny vondron'ny kaominina efa tafatsangana.

Rehefa hita ny fanapahanà lany eran'ny filankevitry ny kaominina na araka ny tolo-kevitra aroson'ny filankevitry ny kaominina tapaky ny roa ampahatelony ahay amin'ireo kaominina voakasika, mahasolo tena ny antsasa-manilan'ny mponina rehetra ao aminy, dia ny solontenam-panjakana amin'ny faritra voakasika no miandraikitra ilay velaram-paritra izay zary fampanaovana famotopotorana ny mombamomba azy, ny mikasika ny fananan-tany sy ny toeram-ponenana.

Ampahafantarina ny besinimaro io didim-pitondrana io amin'ny alalan'ny peta-drindrina eo amin'ny vangongon-tanàna voakasika sy avoaka amin'ny gazetim-panjakana.

Andininy 39:- Ao anatin'ny velaram-paritra voalazan'ny andininy eto aloha dia ny kaominina no manankina ny fanatontosana ny famotopotorana ny mombamomba azy, ny mikasika ny fananan-tany sy ny toeram-ponenana aminà antokon-draharahan'ny fiara-miasan'ny samy kaominina na sampandraharaham-panjakana mahefa, izany hoe ny sampandraharaha miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenanana na olona manamahay momba izany voatendry ao amin'ilay didim-pitondrana.

Ny famotopotorana no iraketana ny fitanisana mazava ny toetoetry ny tany ankehitriny izay hojariana, indrindra ny fitsipi-pitondrana ny fananan-tany sy ny fombafomba fitoerana

aminy ao anatin’ny faritra anaovana fanadihadiahana sy ny faritra anaovana fanitarana, ny toejava-misy eo an-toerana amin’ny fotoana anaovana ny famotopotorana.

Ny sampandraharaham-panjakana, ny solontenan’ny vondrom-bahoaka dia tsy maintsy manolotra hampiasain’ny mpanao famotopotorana ny taratasin-draharaha rehetra sy filazalazana ilaina amin’ny famolavolana ny tatitra momba ny famotopotorana.

Andininy 40:- Volavolaina avy hatrany ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe rahefa vita ny tatitra momba ny famotopotorana ka na ny sampandraharaham-panjakana mahefa no manao izany, na ny olona manamahay voatendry, na ny sampandraharaha havanana manokana amin’antokon-draharahan’ny fiara-miasan’ny samy kaominina izay mampandray anjara ny Fanjakana amin’ny famolavolana azy io, ary araka ny fangatahany, ny faritra.

Andininy 41:- Tsy maintsy mitazona ho tsiambaratelo amin’asa aman-draharaha ny teknisianina sy ny olon-kafa rehetra mahafantatra ny antontan-taratasy sy ny angom-baovao mikasika ny fikarakarana ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe.

Zana-tsokajy II
Toromarika sy fankatoavana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe amin’antsipiriany.

Andininy 42:- Ny volavolan’ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ifaharana na amin’antsipiriany dia atolotry ny manampahefana tompon'andraikitra voalazan’ny andininy faha-38 etsy ambony, mba hakana ny heviny, amin’ny vaomieran’ny fanajariana ny tanàn-dehibe any amin’ny kaominina voakasika, alohan’ny anolorana azy mba ifampidinihin’ny Filankevitry ny Kaominina.

Heverina ho fanekena izany hevitra izany raha toa ka tsy voambara tao anatin’ny fe-potoana iray volana aorian’ny nandefasana volavolan’ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe.

Raha toa ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ka mahakasika ny tanin’ny vondron-draharahan’ny fiaraha-miasan’ny samy kaominina, ny rantsa-mangaika mpanapa-kevitra ao amin'io vondron-draharaha io dia manome ny heviny alohan'ny an’ireo Kaominina voakasika.

Ny hevitra sy fanamarihana ataon'ny Filankevitry ny Kaominina na ny rantsa-mangaika mpanapa-kevitra ao amin’ny vondron-draharahan'ny fiaraha-miasan'ny samy kaominina dia ampidirina ao amin'ny volavolan'ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany ataon'ny olona manamahay na ny sampan-draharaham-panjakana mahefa.

Ny volavola, izay tovanana ny hevitry ny fikambanana mizaka ny zom-panjakana nakan-kevitra, dia aroso avy eo hanaovana famotopotorana momba ny mahamety sy tsy mahamety azy tinapaka amin’ny alalan’ny didim-pitondrana ataon’ny Solontenam-panjakana any amin’ny Faritra, araka ny fepetra voasoritry ny lalàna mikasika ny fanesorana ny tany amin’ny tompony ho fanasoavam-bahoaka.

Mikasika ny vondron'ny kaominina, raha toa ao anatin’ny fe-potoana iray volana aorian’ny nandefasana azy taminy, ny Filankevitry ny iray amin’ireo Kaominina mpikambana ka mihevitra fa ny volavolan’ny drafitra fanajariana tanàn-dehibe dia mety hanohintohina ny iray amin’ireo tombontsoany mavesa-danja amin’ny alalan’ny fampizakana azy, indrindra indrindra helingelin-dratsy na teritery mihoapampana, dia ampahafantariny izany ny antokon-draharaham-panjakana sy ny manampahefana tompon'andraikitra amin’ny alalan’ny fanapahana ombàn’antonantony.

Andininy 43:- Ny manampahefana tompon'andraikitra dia mampanao ny mety ho fanovana avy amin’ny famotopotorana anivom-bahoaka ao anatin’ny fe-potoana iray volana, sy manolotra ny volavolan’ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe nasiam-panovana amin’ny rantsan-mangaika fakan-kevitra mahefa voalaza ao amin’ny andininy faha-7, faha-8, faha-9 ary faha-10 etsy ambony.

Andininy 44:- Ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ifaharana na amin’antsipiriany dia ankatoavina amin’ny alalan’ny didim-pitondrana ataon’ny Solontenam-panjakana eny anivon’ny Faritra, aorian’ny fanehoan-kevitry ny Komitim-paritry ny Fanajariana ny Tany ao anatin’ny fe-potoana tsy mihoatra ny roa volana manomboka ny vaninandro nanolorana azy ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe hodinihiny. Izany didim-pitondrana izany dia ampahafantarina ny besinimaro amin’ny fomba rehetra mifanaraka amin’izany.

Ho fampiharana ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe, ny Vondrombahoaka voakasika dia tokony handefa any amin’ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana, ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe notoavina mba hanaovana fanambarana ho fantam-bahoaka.

Ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ifaharana na amin’antsipiriany notoavina dia azon’ny besinimaro jerena amin’ny fomba rehetra mifanaraka amin’izany sy araka ny fiandraiketan’ny Faritra sy na ireo Kaominina voakasika.

Sokajy II
Fanavaozana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe

Andininy 45:- Ny fanavaozana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe dia atao araka ny fombafomba voadidy arahana etsy ambony amin’ny fandraiketana azy.

Ny manampahefana tompon’andraikitra no manao miaraka amin’ireo kaominina voakasika isaky ny dimy taona, ny fanombanana ny fanatanterahana ny soridalan-kitondrana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe, ny fampiasam-bolam-panjakana sy ny zava-bita amin’izany ary raha ilaina, ny fanavaozana manontolo na amin’ampahany an’izany drafitra izany.

Mandritra ny fari-potoana fanavaozana dia mbola mitoetra ho manan-kery ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ary hampiharina ny fepetra fitandremana amin'ny fanatontosana ny drafitra fanajariana tanan-dehibe nohavaozina.

Mandritra io fari-potoana io ihany, avela hodinganina ny fepetra voalazan'ny drafitra fanajariana ny tana-dehibe an-dalam-panavaozana ka azon'ny manampahefana tompon'andraikitra atao ny manome ny fahazoan-dalana angatahana aminà lahasa ho an'ny besinimaro na ho an'olon-tsotra tsy mifanaraka amin'ireny fepetra ireny, raha heveriny fa mifanerana amin'ny fepetra soritan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe nahavaozina ny lahasa tontosaina.

Ny fanapahan-kevitra amin'ny fanovana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe lany era dia raisiny ny filan-kevitry ny Kaominina na ny fahefana mpanapa-kevitry ny vondrona Kaominina, rehefa nahazo fanehoan-kevitry ny vaomieran'ny kaominina momba ny fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe.

Ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe dia havaozina tanteraka isaky ny dimy ambiny folo taona.

Andininy 46:- Ny fanovàna entina aminà drafitra fanajariana tanan-dehibe efa notoavina dia atao araka ny fombafomba sy ny paika voasoritra amin'ny fankatoavana an'io drafitra fanajariana ny tanan-dehibe io ihany ary ilay manampahefana ihany no manome ny fankatoavana.

Na izany aza, raha maivan-danja ny fanovana hevitreverina sady tsy manohintohina velively ny zo amin'ny fitompoam-pananana, dia tsy ilaina ny hanaovana famotopotorana vaovao anivon'ny vahoaka.

Sokajy III- Fepetra fitandremana

Andininy 47:- Misy ny fepetra fitandremana ampiharina eo anelanelan'ny vaninandro amoahana ny didim-pitondrana mampanao ny famotopotorana ny mombamomba ny toetoetry ny faritra sy ny vaninandro ankatoavana ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe.

Tsy hihoatra ny valo ambiny folo volana io fari-potoana fitandremana io, raha tsy izany dia foana avy hatrany ny fameperana takiana amin'ny fifampiraharahana mikasika ny fanana-mifaka sy ny fanomezana fahazoan-dalana hanorina aminà lahasa ho an'olon-tsotra sy hoan'ny besinimaro. Tsy ho azo irosoana ny paika vaovao fanadihadihana ny momba ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe raha tsy afaka taona iray aorian'ny hahadilan'io fari-potoana valo ambiny folo volana io.

Andininy 48:- Mandritra ny fotoana fiahiana natsangana, ny fifampiraharahana rehetra mikasika fanana-mifaka sy ny fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina ho an'ny asa ao anatin'ny velaram-paritra anaovana fandinihana dia miankina amin'ny fanomezana alalana mialoha avy amin'ny vaomiera natokana ho amin'izany, ka ny mpikambana amin'izany dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra fanajariana ny

tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana araka ny tolo-kevitry ny Solontenam-panjakana eny anivon'ny Faritra voakasika.

Andininy 49: -Raha toa ny fifampiraharahana mikasika fanana-mifaka na lahasa ka mety hampanoin-tsarotra na hampitombo bebe kokoa ny saran'ny fanatanterahana ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe, dia azon'ny solontenam-panjakana ao amin'ny faritra voakasika atao, araka ny tolo-kevitra aroson'ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana, ny manapaka amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ombàn'antonantony fa haato ny fandraisana fanapahana mikasika ilay fangatahana . Izany didim-pitondrana izany dia tsy maintsy ampahafantarina ao anatin'ny roa volana manomboka amin'andro ametrahana ny fangatahana tao amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanàna.

Noho ireo antonantony ireo ihany dia ho azo aato ny fandraisana fanapahana mikasika ny fangatahana alalana hanokatra tsangan'orinasa momba ny fizahan-tany, ny indostria sy tsangan'orinasa hafa voasokajy. Ireo fepetra ireo dia ampiharina amin'asam-panitarana na fanovana atao amin'ny fombafomba fitrandrahana ny tsangan'orinasa efa misy.

Andininy 50:- Mandritra ny fari-potoana atao hoe fitandremana, ny lahasa vaovao ataon'ny na ho an'ny sampandraharaham-panjakana sy ny nampiandraiketina ny fisahanan-draharaham-panjakana, dia tsy azo tontosaina raha tsy misy ny alalana avy amin'ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana, rahefa nanome ny heviny ny vaomieran'ny kaominina momba ny fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe.

Ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana dia manana fe-potoana iray volana hanapa-kevitra momba io fangatahana io.

Na izany aza, azo faritana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iombonan'ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe sy ireo departemanta voakasika, ny lisitry ny lahasa izay, tsy anaovana ny fanambarana voalazan'ny andalana eto aloha noho ny karazany na noho izy tsy mavesa-danja firy.

Andininy 51:- Ny fanapahana mampiato ny fandraisana fanapahan-kevitra mifototra aminà fepetra fitandremana dia tsy maintsy ombàn'antonantony.

Manomboka amin'ny vaninandro amoahana ny didim-panjakana na didim-pitondrana fankatoavana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe, ny fanapahana fampiatoana dia tsy azo ampombaina antonantony afa-tsy amin'ny voalazan'ny fepetra raketin'io drafitra io.

Andininy 52:- Na toy inona na toy inona, dia tsy tokony hihoatra ny fe-potoana valo ambin'ny folo volana ny fampiatoana ny fandraisana fanapahan-kevitra.
Raha dila io fe-potoana io dia tsy maintsy mandray fanapahana raikitra ny manampahefana miandraikitra ny fanomezana alalana araka ny fombafomba sy anatin'ny fe-potoana takiana amin'izany, raha vao mangataka izany fotsiny amin'ny alalan'ny fandefasana taratasy rekomandeha ny voakasika.

Toko III
Fepetra fanatanterahana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe

Sokajy voalohany
Ankapoben-draharaha

Andininy 53:- Tsy misy mihitsy lahasa hoan'ny besinimaro na ho an'olon-tsotra hosahanina ao anatin'ny velaram-paritra ampiharana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe azo tontosaina raha toa izy io mifanerana amin'izany drafitra izany.

Raha toa ny asam-panorenana tsy mifanaraka amin'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe, dia ananan-tombon-dahiny ny zon'ny ben'ny tanàna amin'ny fandrodanana azy, mifanaraka amin'ny fepetra sy andininy ao amin'ny Toko faha dimy amin'izao fehezan-dalana izao.

Andininy 54:- Raha toa ny asam-panorenana iray ka tsy maintsy atsangana eo amin'ny sombin-tany tafiditra amin'ny hitsin'ny lalàna na toerana voafaritra nasiam-panovana ho fampiharana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe dia araka ny hitsiny vaovao amin'io lalàna io na io toerana io no anomezana ny fahazoan-dalana hanorina.

Lavina ny fahazoan-dalana hanorina raha toa ny asam-panorenana ka tsy maintsy atsangana aminà toerana voatokan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe notoavina, hisy ny lalana, faritra malalaka na sampandraharaham-panjakana.

Ampiharina ny fepetra voalazan'ny andalana eto aloha raha toa amin'ampahany ihany no voatohitohina ilay sombin-tany ary tsy azo anaovana asam-panorenana mifanaraka amin'ny fameperana voasoritry ny lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery ny ambiny tavela.

Andininy 55:- Mikasika ny toerana voatondro hanorenana fotodrafitrasa na fampitaovana ho an'ny besinimaro, ny tompon'ny tany voatokana dia afaka mangataka amin'ny kaominina na ny antokon-draharaham-panjakana nanokanana an'io tany io mba hividy izany tany izany alohan'ny hahadilan'ny fe-potoana dimy taona manomboka amin'ny vaninandro entin'ny fanapahana fandavana ny fahazoan-dalana hanorina, io fandavana io dia heverina ho nampahafantarina tanatin'ny fe-potoana takian'ny didy amam-pitsipika.

Raha tsy misy ny fifanarahana amim-pihavanana mikasika ny fifampivarotana, dia ho tsy maintsy esorina amin'ny tompony ao anatin'izany fe-potoana izany ihany ny fizakana an'io tany io.

Raha tsy natao tanatin'izany fe-potoana izany ny fividianana na ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakana ny tany, dia azon'ny tompony henterina ny firosoan'ny Fanjakana na ny kaominina hisitraka amin'ilay tany voatokana, amin'ny fanaovana izany ao anatin'ny fe-potoana telo volana, raha tsy izany ho raisiny indray ny fampiasana an-kalalahana ny taniny.

Andininy 56:- Raha toa ny asam-panorenana atao ho trano fonenana tsy maintsy atsangana eo amin'ny sombin-tany ka mahatonga ny fanatanterahana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ho zary manamorona ny lalana na toerana vao hamboarina, dia tsy azo omena ny fahazoan-dalana hanorina raha tsy efa voajary io lalana na toerana io araka ny tetikasan'ny

kaominina voakasika, farafaharatsiny amin'ampahany tafiditra anelanelan'ny asam-panorenana hatsangana sy ny iray amin'ireo làlana falehan'ny besinimaro manakaiky eo, mba ho amin'izay voajary ny lalan-kaleha mankamin'ilay asam-panorenana.

Raha tsy manao n'inona n'inona ny vondrom-bahoaka dia azon'ny tompon-tany voakasika tanterahana ny asa fanajariana ny làlana ka izy no miantoka ny lany amin'izany.

Andininy 57:- Tsy misy mihitsy ny famelana handingana ny taha-drefin'ny fampiasana ny tany azo ekena ankoatra ny tranga voalazan'ny andininy 58 eto ambany.

Andininy 58:- Raha toa ny fihoarana ka ilaina tsy hivaona, na amin'ny fameperana momba ny fanajariana tanan-dehibe, na amin'ny rindran-damin'endrika aman-bikan'ny mari-drefy tsy maintsy tandrovana, dia ho azo omen-dalana ny tompony hihoatra ny taha-drefy famaharana amin'ny tany na ny taha-drefin'ny fampiasana ny tany, raha ekeny ny hanatevina ny tahirim-bola fandraisan'ajara izay hosokafan'ny vondrom-bahoaka nankatoavin'ny vaomieran' ny kaominina momba ny fanajariana ny tanan-dehibe mba hampisiana faritra malalaka na voavoly hazo eo amin'ny tanin'io kaominina io ihany. Ny tetibidiny sy ny fombafomba arahina dia hofaritan'ny didim-pitondrana ny Minisiteran'ny fitantanam-bola raisina avy amin'ny fanehoan-kevitry ny Kaominina.

Ny tahan'ny fitoerana amin'ny tany dia voafaritry ny velaran' ny faritry ny tany misy ny fanorenana amin'ny velaran'ny tany manontolo.

Ny taha-drefin'ny ny tany voarakotry ny asam-panorenana dia voafaritry fifandraisan'ny velaran'ny fanambaniny mitambatra kaontiana ivelan'ny tsangan'asa amin'ny velaran'ny tany manontolo.

Andininy 59:- Amin'ireo faritra ahitam-pototra fa ny velaran'ny fanambaniny kaontiana ivelan'ny tsangan'asa efa miorina dia mihoatra ny fara-halehiben'ny asam-panorenana ateraky ny taha-drefin'ny fampiasana ny tany sy ny taha-drefy famaharana amin'ny tany, ny fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina dia hiankina amin'ny fandrodanana ao anatin'io faritra io ihany, ny velaran'ny fanambaniny kaontiana ivelan'ny tsangan'asa mira ahay amin'ny an'ny asam-panorenana kasaina hajoro.

Tsy maintsy ampiarahina amin'ny fangatahana fahazoan-dalana hanorina ny drafitra maha faobe ahitana ny fanondroana ireo kasaina harodana.

Ny kaominina no mandray fanapahana araka ny tolo-kevitra mifanaraka amin'izany avy amin'ny sampandraharaha miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana izay tsy maintsy arosony ao anatin'ny fe-potoana dimy ambin'ny folo andro aorian'ny aharaisana ny antontan-taratasy.

Ekena ny fahazoan-dalana hanorina raha toa ka tanterahina ny fandrodanana voalazan'ny drafitra.

Andininy 60:- Tsy tokony hisy fitrandrahana ny toerana fihadiam-bato, ny fikaohan-tany na ny fampiakarana haavo ny tany izay mety ho mora manova ny toetry ny faritra, tsy azo atao mihitsy raha tsy aorian'ny fandinihana ara-tontolo iainana mifanaraka amin'ny didy amam-pitsipika manan-kery sy araka ny fanomezana alalana avy amin'ny Kaominina aorian'ny

fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy amin'ny Sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Andininy 61:-Tsy misy ny fahazoan-dalana hanatsitoko ny tany raha tsy mifanaraka amin'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe izany fanatsitokoana izany.

Andininy 62:- Ny fahazoan-dalana mikasika tsangan'asa mandoza, tsy mahasalama ary manelingelina amin'ny fanokafana orinasa momba indostria sy ny hafa voasokajy dia tsy ekena raha tsy mifanaraka amin'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ny tsangan'asa sy nanaovana fanadihadiaha momba ny fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana ary manoritra fepetra fiarovana ny tontolo iainana aminà fikarakarana tsy mandoza ny mety ho faikany, izany dia mifanaraka amin'ny lalàna velona.

Andininy 63:-Ny lahasa vaovao tanterahan'ny na ho an'ny sampandraharaham-panjakana sy ny nampiandraiketana ny fisahanan-draharaham-panjakana dia tsy ho azo tontosaina raha toa ny tetikasa fanatanterahana an'ireny lahasa ireny tsy voaisy ny fanamarinana ataon'ny sampandraharaha miandraikitra ny fanjariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana ahitam-pototra ny fifanarahany amin'ny drafitra fanajariana ny tanan-drehibe.

Manana fe-potoana telopolo andro ity farany hanomezany an'io fanamarinana io na tsia.

Andininy 64:- Ho an'ny filana tsangan'asa na fampitaovana ho tombontsoa iraisana tsy voalaza ao amin'ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe, ny tanin'olon-tsotra misy titra ilaina ho amin'ny fanatanterahana izany, dia tokony ho ambara ho fantam-bahoaka amin'ny alalan'ny didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta, araka ny tolo-kevitry ny Minisitra miandraikitra ny Fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny Toeram-ponenana, aorian'ny famotopotorana anivom-bahoaka sy araka ny fombafomba faritan'ny paika arahina momba ny fanesorana tany amin'ny tompony**.**

Sokajy II
Fikajiana sy famoronana velaram-paritra volen-kazo sy velaram-paritra arovana

Andininy 65:-Tsy tohinina ny fepetran-dalana mikasika ny ala fa ny fikajiana sy ny famoronana faritra volen-kazo voalazan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe sy ny lahasa rehetra mifandraika aminy dia ampiharana ny fitsipika momba ny fahazoan-dalana mialoha avy amin'ny lehiben'ny faritra aorian'ny fanehoan-kevitry ny Sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Raha toa ny fiahiana na ny veleran-tany rakotry ny hazo, ny ala, na valan-javabohary voakilasin'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ho faritra volen-kazo hokajiana na hampiromboroboana ilàna lahasa fambolen-kazo na fampanirian-kazo na fanamboarana fampitaovana ny fahazoana an'io velaran-tany rakotra hazo, ala na valan-javaboary io, dia azo ambara fa fanasoavam-bahoaka amin'ny alalan'ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakana azy, raha tsy fifanarahana amim-pihavanana.

Sokajy III
Fanomezana tambin'ny loloha zakaina

Andininy 66:- Amin'ny fampiharana izao fehezan-dalana izao dia tsy ahazoana tambiny mihitsy ny loloha zakaina, ny mikasika ny lalan-kaleha, ny fitandroam-pahasalamana, ny rindran-damin'endrika amam-bika na amin-javatra hafa, indrindra ny fampiasana ny tany, ny haavon'ny asam-panorenana, ny fitsinjarana ny velaran-tany misy trano miorina sy tsy misy isaky ny tany manan-tompo, ny fandraràna tsy ho azo hanorenana amin'ny faritra sasantsasany sy amin'ny sisin-dalana sasantsasany, ny fitsinjaràn'ny fanana-mifaka anatin'ny faritra samihafa.

Na izany aza dia misy ny tambiny tsy maitsy omena raha toa ireny loloha zakaina ireny mitarika fiovana amin'ny toetoetran'ny toerana teo aloha ka miteraka fahavoazana mivantana, miharihary ary tsy azo lavina.

Raha tsy misy ny fifanarahana amim-pihavanana, dia ny fahefam-pitsarana amin'ny fitondran-draharaham-panjakana no mametra an'izany tambiny izany izay tsy maintsy tandrovana ny tongoam-bidiny azo amin'ny fanana-mifaka noho ny fanatontosana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe.

LOHATENY III

FEPETRA MANOKANA

Toko tokana
Fiarovana ny morontsiraka sy ny faritra misy farihy

Andininy 67:-Na eo aza ny fitsipika manokana mety ampiharina amin'ny faritra sasantsasany, noho ny toetoetrany voajanahary, mikasika ny rindran-damin'ny mari-drefin'ny tsangan'asa, ny rindran-damin'endrika amam-bika ary ny fitandroana ny fisian'ny tokin'aina, ary raha tsy misy ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe notoavina, dia voarara ny asam-panorenana amin'elanelana latsaka ny dimampolo metatra miala avy amin'ny sombiny mirefy dimy amby roapolo metatra ny sakany mitandavana amin'ny moron-dranomasina feran'ny didy aman-dalana mikasika ny tany menaben-panjakana ary izany dia manomboka amin'ny mampanan-kery izao fehezan-dalàna izao.

Io elanelana io dia azo ampitomboina amin'ny faritra tandindomin'ny kao-dranomasina sy isaky ny misy ny ilàna ny fiarovana ny morontsiraka ary izany dia amin'ny alalan'ny didim-panjakana atolotry ny Ministra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana rahefa nanome ny heviny ny Ministry ny tontolo iainana.
Io elanelana io dia ho voafetra ihany koa any amin'ireo faritra ampiharana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe notoavina araka ny toetoetra manokan'ny faritra isanisany.

Ireo fepetra ireo dia tsy ampiharina amin'ny fampitaovana ho an'ny besinimaro sy amin'asa aman-draharaha ara-toekarena ilàna ny fanakaikezana ny moron-dranomasina, ka amin'izany ny fampiorenana azy tsy maintsy ahazoana alalana manokana avy amin'ny

Ministra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana rahefa nanome ny heviny ireo minisitera voakasika.

Ny fombafomba fampiharana ity andininy ity dia ho raketin'ny didim-pitondrana iombonan'ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana, sy ny Minisitera voakasika.

Andininy 68:- Ampiharina amin'izay mikasika ny fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina ny fepetra voalazan'ny rijan-teny manna-kery momba ny fiarovana ny faritra misy farihy, renirano sy kamory.

Ny fombafomba fampiharana ity andininy ity dia ho raketin'ny didim-pitondrana iombonan'ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana, sy ny Minisitera voakasika.

BOKY II

FANAJARIANA NY FANANAN-TANY

LOHATENY I

FANOKANAN-TANY ATAO FIANDRY

Toko tokana:
Mikasika ny famononana ny fanokanan-tany fiandry

Andininy 69:-Ny Fanjakana, ny vondrom-bahoaka eo an-toerana na ny fitambarany afa-manao izany, dia omem-pahefana hahazo fanana-mifaka, raha ilaina amin'ny alalan'ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany, mba hahazoana manokana tany atao fiandry hoenti-manatontosa lahasa na raharaham-panajaraina manandrify ny antonantony voasoritry ny andininy 70 eo ambany.

Ny antokon-draharaham-panjakana izay amindrana ny zo amin'ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany ho fanasoavam-bahoaka, dia afaka ihany koa mandray anjara amin'ireny tanjona tratrarina ireny.

Andininy 70:-Raha tsy misy ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe na raha toa tsy vaosoritr'ireny taratasin-draharaha ireny ny velaran-tany voatokana atao fiandry, dia azo faritana izy ireny amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny solontenam-panjakana amin'ny faritra voakasika rahefa nanome ny heviny ny kaominina na vondron'ny kaominina voakasika. Ny sarin-tany mifanaraka amin'izany dia ampiarahana amin'io didim-pitondrana io.

Ny famononana fananan-tany fiandry dia anaovana fampotopotorana anivom-bahoaka.

Andininy 71:- Ny olom-panjakana izay lasa nahazo ny tany voatokana atao fiandry no tsy maintsy miantoka ny fitantanana azy.

Alohan'ny handraiketana ny fampiasana azy, ny fanana-mifaka avy aminà fanokanan-tany fiandry dia tsy azo anaovana mihitsy famindrana ny fitompoana tanteraka azy ankoatra ny famidran-tompo hoenti-manatontosa ny lahasa nanokanana ilay tany atao fiandry.

Andininy 72:- Ny ampahany didy amam-pitsipika amin'izao fahezan-dalàna izao no hamaritra, raha misy ilàna izany, ny paika mikasika ny fahazoana, ny fe-potoana ary koa ny famononana ny fanokanan-tany fiandry.

LOHATENY II
ZOM-PIALOHANA AMIN'NY FITOMPOAN-TANY

Toko voalohany
Seha-pampiharana sy famaritana

Andininy 73:-Ny fampiasana ny zom-pialohana amin'ny fitompoan-tany voalazan'izao lohateny izao dia mifototra amin'ny fanatontosana, ho fitandroana ny tombontsoan'ny besinimaro, ny lahasa na raharaha mifanandrify amin'ny fampiharana ny politika isan-toerana momba ny toeram-ponenana, ny rindran-damina amin'ny fitanana, ny fanitarana na ny fandraisana ny fisahanan'asa aman-draharaha ara-toekarena, ny fampiroborobona ny fialam-boly sy ny fizahan-tany, ny fanatontosana ny fampitaovana iombonana, ny ady atao amin'izay tsy mahasalama, ny fitandremana na ny fanabeazam-boho ,ny fari-pananana miorim-paka na tsia sy velaran-tany voatokana.

Andininy 74:- Ny fanapahana rehatra mikasika ny zom-pialohana amin'ny fitompoan-tany dia tsy maintsy milaza ny antonantony ampiasana an'io zo io ary raha toa ny zom-pialohana ampiasaina hoenti-mikatsaka fanokanan-tany fiandry araka ny voasoritra momba ny faritra iray hojariana any aoriana, dia mety ifaharan'ny fanapahana ny antonantony ankapobe voalaza ao amin'ny sora-panekena nanoritana ilay faritra.

Toko II
Faritra hojariana any aoriana sy velarany vonjimaika

Sokajy voalohany
Fanoritana ny faritra hojariana any aoriana sy velarany vonjimaika

Andininy 75:- Ny faritra hojariana any aoriana dia azo soritana ivelan'ny tanan-dehibe na ny faritra anajariana tanan-dehibe amin'ny hoavy, feran'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany, amin'ny alalan'ny fanapahana ombàn'antonantony ataon'ny

solontenam-panjakana amin'ny faritra voakasika, araka ny tolo-kevitra na aorian'ny soson-kevitra aroson'ny kaominina na ny vondron-draharahan'ny fiara-miasan'ny samy kaominina manamahefa amin'ny fanatontosana lahasa fanajariana.

Andininy 76:- Raha aroso aminy ny tolo-kevitra fanoritana faritra hojariana any aoriana avy amin'ny kaominina na ny vondron-draharaham-panjakana mahefa na angatahiny ny heviny mikasika izany tetikasa izany, dia ataon'ny solontenam-panjakana amin'ny faritra ny didim-pitondrana fanoritana ny velaram-paritra .

Manomboka amin'ny famoahana io didim-pitondrana io sy mandra-pahatongan'ny famoahana ny fanapahana manangana ny faritra hojariana any aoriana, dia misy ny zo fahazoa-mizaka voalohany ny velaram-paritra na ho an'ny Fanjakana, na ho an'ny vondrombahoaka, na ho an'ny antokon-draharaham-panjakana manana asa ho amin'ny fikambanam-barotra momba ny fihariankarena iombonana misitraka ny fiandraiketana ny fisahanana ny fanajariana**.**

Ny sora-panekena manoritra ilay faritra no anendrena ny tompon'ny zom-pialohana.

Andininy 77:-Ny zom-pialohana voalazan'ny andininy eto ambony dia azo ahatra mandritra ny fari-potoana dimy taona manomboka amin'ny famoahana ny sora-panekena izay nanoritana ilay faritra.

Andininy 78:- Raha toa ny sora-panekena manoritra ny faritra hojariana any aoriana ka tsy nivoaka amin'ny hahadilan'ny fe-potoana roa taona manomboka amin'ny namoahana ny didim-pitondrana manoritra ny velaram-paritra vonjimaika dia zary maty momoka io didim-pitondrana io.

Avela ho dinganina ny andininy77, fa ny vaninandron'ny famoahana ny sora-panekena manoritra ny velaram-paritra vonjimaika no misolo ny an'ny sora-panekena manoritra ny faritra hajariana any aoriana amin'ny fikajiana ny fe-potoana dimy taona ahazoana mampiasa ny zom-pialohana.

Andininy 79:-Amin'ny famoahana ny sora-panekena manoritra ny faritra hojariana any aoriana, ny fanana-mifaka azo tamin'ny fanapahana mikasika ny zom-pialohana amin'ny fitompoan-tany, raha toa ireny tafiditra anatin'ny velaram-paritra vonjimaika, dia homena ho zakain'ny tompon'ny zom-pialohana, ary amin'ny mifanohitra amin'izany, haverina indray ho an'ireo tompony taloha na ho an'ny anjoaniny ao anatin'ny fe-potoana iray taona manomboka amin'ny famoahana ny sora-panekena manoritra ilay faritra.

Ny fepetra mikasika ny famerenana ny fizakam-pananana voalazan'ny andalana eto aloha dia ampiharina ihany koa raha zary momoka ny didim-pitondrana manoritra ny velaram-paritra vonjimaika.

Sokajy II
Antonanton'ny zom-pialohana amin'ny faritra hojariana any aoriana

Andininy 80:- Ny iharan'ny zom-pialohana amin'ny fitompoan-tany amin'ny faritra hojariana any aoriana dia ireto manaraka ireto:

- ny fanana-mifaka rehetra na fitambazan'ny zo ara-tsosialy mahatonga ny fampizakana ho tompony na ny fampisitrahana aminà fanana-mifaka iray na ampahany amin'ny fanana-mifaka, misy tsangan'asa miorina na tsia, raha toa izy ireny afindra tompo an-tsitrapo, efaim-bidiny na inona na inona endrika isalorany;
- ny famindran-tompo ny zo tsy vita zara mikasika fanana-mifaka iray na ampahany amin'ny fanana-mifaka, misy tsangan'asa miorina na tsia afa-tsy raha toa ny iray amin'ireo mpiombom-pananana tsy vita zara no omena azy ary koa ny famindran-tompo amin'isan'ampahany sandaina amin'ny fanomezan-toerana anaovan'asam-panorenana;
- amin'ny fanaovana lavanty ampahibemaso, raha zary tsy maintsy arahana io paika io araka ny voalazan'ny fepetra-dalàna na didy amam-pitsipika, ny ahazoan'ny tompon'ny zom-pialohana azy dia amin'ny tonom-bidiny farany, ka izy no misolovaika ilay mpanao tonom-bidy nahasahy ambony indrindra. Tsy ampiharina anefa io fepetra io amin'ny fivarotam-pananana inian-katao ny tsy fahavitan'ny fizarazarana azy, afa-tsy raha toa izany vokatry ny tolotra-fizaram-pananana.

Sokajy III
Zo amin'ny famoizam-pananana

Andininy 81:- Amin'ny vaninandro ivoahan'ny sora-panekena manoritra ny faritra hojariana any aoriana na mametra ny velarany vonjimaika, ny tompom-pananana rehetra iharan'ny zom-pialohana na ny anjoaniny dia afaka mandroso hevitra amin'ny tompon'io zo io ny mba hividianana ilay tany ka tondroiny ny vidiny angatahiny. Tsy mainsy manapan-kevitra ao anatin'ny roa volana manomboka amin'ny fandrosoana izany tolo-kevitra izany ny tompon'ny zom-pialohana. Raha tsy misy ny fifanarahana amin-pihavanana, dia ny fahefam-pitsarana ny fitondran-draharaham-panjakana no mametra io vidiny io, araka ny fitsipika momba ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany.

Raha vinidiny ilay tany, dia tsy maintsy efain'ny tompon'ny zom-pialohana ny vidiny raha ela indrindra enim-bolana aorian'ny fanapahan-keviny hividy azy amin'ny vidiny tadiavin'ny tompony na enim-bolana aorian'ny didim-pitsarana raikitra navoakan'ny fahefam-pitsarana amin'ny fitondran-draharaham-panjakana.

Raha misy ny fandavana na tsy manome valinteny ao anatin'ny roa volana ny tompon'ny zom-pialohana, dia tsy azo ahatra amin'ilay tany voakasika intsony ny zom-pialohana.

Raha sendra ny tsy fandoavana na tsy fanokanana an-tahiry ny vola tokony ho efaina amin'ny fahadilan'ny fe-potoana voalazan'ny andalana fahatelo, dia miantsoro mianotra ny famerenana ilay tany amin'ny tompony teo aloha na ny anjoaniny izay hisitraka an-kahalalahana aminy indray, araka ny fangatahana ataon'izy ireo.

Hisy ny taratasim-panamarinana omen'ny solon-tenam-panjakana eny anivon'ny faritra hanaporofoana fa ilay tany dia tsy iharan'ny zom-pialohana intsony anatin'ny faritra hojariana any aoriana.

Sokajy IV
Paika arahana amin'ny fampiasana ny zom-pialohana

Zana-tsokajy I
Fanambarana ny fikasana hanao ny famoizam-pananana

Andininy 82:- Izay rehetra famoizam-pananana voasoritra ao amin'ny velaran-tany vonjimaika na tafiditra anatin'ny velaran-tany tena raikitra amin'ny faritra hojariana any aoriana dia hiankina, fa raha tsy izany dia foana, amin'ny fanambarana dieny mialoha ataon'ny tompony any amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanana amin'ny kaominina itoeran'ilay fananana.

Ny fampakaram-pitsarana ho fanafoanana dia dila tsy manan-kery aorian'ny dimy taona manomboka amin'ny famoahana ny sora-panekena momba ny famindrana ny fitompoam-pananana.

Ao anatin'izany fanambarana izany dia tsy maintsy ahitana ny fanondroana ny vidiny sy ny fepetra famoizam-pananana kinasa, na, amin'ny lavanty ampahibemaso, ny tombam-bidin'ilay fananana na ny fiantomboham-bidy ahalasanana azy.

Ny fahanginan'ny tompon'ny zom-pialohana mandritra ny roa volana manomboka amin'ny aharaisana ny fanambarana dia midika fa afoiny ny fampiasana ny zom-pialohana zakainy.

Ny fanambarana atao sosony telo dia alefa ao amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanàna amin'ny alalan'ny taratasy rekomandeha ombàm-pilazana ny aharaisana azy, na apetraka ao ka ahazoana tapakilam-paharasaina azy.

Ny Solon-tenam-panjakana eny anivon'ny faritra sy ny Sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana dia andefasana izany.

Ny paika arahana mikasika ny fandoavana ny vidin'ny fananana tràn'ny zom-pialohana sy ny fiantombohan'ny fampiantsoroa-mianotra ny zo zakaina dia ny voalazan'ny andininy 81.

Zana-tsokajy II
Ny fanaraha-maso ny fampiasana ny fananana tràn'ny zom-pialohana

Andininy 83:- Raha vao voasoritra na atsangana anatin'ny faritry ny taniny ny zom-pialohana dia manokatra rejisitra iray ny kaominina izay iraketana an-tsoratra ny fahatontosan'ny fahazoan-tany avy amin'ny fampiasana na famindram-pahefana hizaka an'io zo io, ary koa ny tena ampiasana ny fananana azo tamin'izany.

Ampahafantarin'ny tompon'ny zom-pialohana tsy misy hatak'andro amin'ny Ben'ny tanàna ny filazalazana ny zava-pantatra hosoratana ao amin'ny rejisitra firaketana ny zom-pialohana.

Azon'ny olona rehetra zahana io rejisitra io ary ahazoany tsoa-tsoratra.

BOKY III

FANAJARIANA NY TANAN-DEHIBE

LOHATENY I

FEPETRA ANKAPOBENY

Sokajy I
Seha-pampiharana – Famaritana

Andininy 84:- Ny antonanton'ny lahasa na raharaham-panajariana dia:

- ny fampiharana ny politika eo an-toerana momba ny fanajariana;
- ny fandrindrana indray ny faritry ny vakim-paritra etsy sy eroa;
- ny fandaharan'asa fanavaozana an-tanan-dehibe;
- ny rindran-damina amin'ny fitanana, fanitarana na ny fandraisana ny fisahanan'asa aman-draharaha ara-toekarena;
- ny fampandrosoana ny ambaindain'ny fisahanan'asa aman-draharaha ara-tsosialy, momba ny kolontsaina ary ny fizahan-tany;
- ny fanatontosana ny fampitaovana ho an'ny besinimaro;
- ny ady atao amin'ny tsy mampisy ny fahasalamam-bahoaka;
- ny fitandremana na ny fanabeazam-boho ny fari-pananana manan-tantara na mari-drefin'endrika amam-bikan'ny tsangan'asa ary ny filasian-javaboahary.
- mamorona tanàn-dehibe na vakim-paritra vaovao.

Ny asa na lahasam-panajariana tanisaina etsy ambony mikasika ny faritra fanajariana lany era na ny fanatsitokoan-tany voalaza ao amin'ny lohateny II amin'ity boky ity.

Tsy maintsy tafiditra amin'ireo antonantony samy hafa ireo ny lahasam-panajariana, mba ho araka ny lalàna.

Andininy 85:- Ny fanajariana, araka ny hevitra raketin'izao fehezan-dalàna izao, dia ny fitambaramben'ny asan'ny vondrom-draharahan'ny fiaraha-miasan'ny samy kaominina sy ny Fanjakana na ny solontenany izay ikatsahana, araka ny voafaritry ny tandrifim-pahefany, andaniny hanatontosana na hanalalanana ny lahasa na raharaha soritan'ny andininy eto aloha ary ankilany, hampisy ny firindràn'ireny lahasa na raharaha ireny.

LOHATENY II

LAHASA FANAJARIANA

Toko voalohany
Mikasika ny Fifampierana sy Fampandraisan’anjara ny besinimaro.

Andininy 86:- Ny filankevitry ny kaominina na ny rantsa-mangaika ny fanapahan-kevitry ny vondron-draharahan’ny fiaraha-miasan’ny samy kaominina dia mifandinika sy tsy maintsy mampandray anjara, mandritra ny fotoam-paharetan’ny famolavolana ny tetikasa, ny mponina, ny fikambanana eo an-toerana ary ny olon-kafa voakasika alohan’ny:

- lahasa rehetra fanajariana tontosain’ny kaominina na atao ho azy raha toa izany lahasa izany, noho ny halehibeny na ny karazany, manova hatramin’ifotony ny fiaimpiainana na ny asa aman-draharaha ara-toekarenan’ny kaominina.
- Fananganana, amin’ny nahim-pony kaominina, faritra fanajariana lany era sy tsitokontany.

Toko II
Faritra Fanajariana Lany era

Sokajy Voalohany
Fepetra Ankapobe

Andininy 87: -Ny faritra fanajariana lany era dia faritra izay andraisan’ny vondrom-bahoaka iray na antokon-draharaham-panjakana iray afa-miandrandra izany fanapahana izany hirotsahany an-tsehatra ao anatiny amin’ny fanatontosana na fampanatontosana ny fanajariana sy fampitaovana ny tany misy tsangan’asa miorina na tsia, indrindra mba ho fanatanterahana:

- ny fifehezana ny fitoerana eo amin’ilay tany aminà faritra atao lohalaharana;
- ny famelana hisitrahan’ny mpampiasa azy ireny miankina na tsy miankina amin’ny Fanjakana aminà sombin-tany voaisy fampitaovana azo atokana ho toeram-ponenana, hisahanan’asa aman-draharaha ara-toekarena sy ara-tsosialy, momba ny kolontsaina na ny fialam-boly;
- ny fanomezan-danja indray ny ambaindain’ny tanan-dehibe efa misy amin’ny alalan’ny lahasam-panavaozana, fanavaozan-drafitra ary fanarenana;

Andininy 88:- Ny faritra fanajariana lany era dia mety ho ao afovoany na manodidina ny faritra misy fivangongoana ary azo ampiasaina ihany koa hoenti-manatsara ny vakim-paritra tsy tontan’ny ela.

Andininy 89:- Ny paika arahana amin’ny faritra fanajariana lany era dia mikendry:

- ny fandraiketana taratasin-draharaha fanajariana tanan-dehibe hoenti-miasa na drafitra fanajariana faritra, ahafahana mandray mifanesinesy ny fanaovana lahasa madinidinika no sady hampisy ny rindran-damina an-tanan-dehibe amin'ny fampitaovana sy ny fandaharan'asa samihafa;
- ny fandraiketana, mifototra amin'ny vinavinan'ny tetibola, ny tsinjon-koavin'ny fitantanam-bola mazava ho an'ny vondrom-bahoaka eo an-toerana sy ny fitsipika mifehy ny fifanekem-pisahanan'asa tsara tombina amin'izay mikasika ny fandraisan'ny mpanorina anjara amin'ny famatsiam-bola ny fampitaovana;
- ny fandrindrana fanatanterahana, isan'ambaratogany mifanesy, ny lahasa fanajariana sy ny fandaharan'asa fampitaovana ho an'ny besinimaro;
- ny fitsinjovana ny faritra manontolo amin'ny fikajiana ny tahan'ny fipetraky ny fitoerana eram-paritra;
- ny famakafakana mahafaobe ny vokatry ny lahasa eo amin'ny tontolo iainana sy famaritana izay mety hahatonga azy io hifandrindra tsara amin'ny fanadihadiana ny momba ny fiantraikany sy ny fanamasahana ny drafitra fanajariana faritra;
- ny fahafaha-misahan'asam-panorenana tsy ilàna ny fandraisana ho fananam-bahoaka hatrany foana ilay faritra manontolo;
- ny fampahafantaran-draha amin'ny besinimaro.

Andininy 90:- Ny lahasa fanajariana ny faritra lany era dia tontosaina araka ny fepetra voalazan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany, raha misy izany.

Raha toa ny faritra fanajariana lany era ka tsy voalaza na tsy voakasiky na ny iray aza amin'ny taratasin-draharaha tondroin'ny andalana eto aloha, dia tsy maintsy atao amin'ny lahasa fanajariana faritra lany era ny drafitra iray fanajariana ilay faritra izay mametra ny fitsipika ankapobe sy ny loloha iantsorohana amin'ny fampiasana ny tany.

Avela ho dinganina ny fepetra voalazan'ny andalana voalohany amin'izao andininy izao, fa amin'ny faritra fanajariana ifampidinihana dia azo dinganina ny fepetra soritan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany, araka ny fangatahana ataon'ny tompony, ombàn'antonantony mahakasika ny momba ny tanan-dehibe sy ny toekarena. Amin'izay ilay faritra fanajariana lany era dia anaovana drafitra fanajariana ny faritra. Ny fepetra voalazan'io drafitra io dia averina indray amin'ny fanavaozana ny taratasin-draharaha navela ho dinganina.

Sokajy II
Fiambaratongan'ny fananganana faritra fanajaraina lany era

Zana-tsokajy voalohany
Ny fanadihadiana mialoha

Andininy 91:- Ny faritra fanajariana lany era dia tsy maintsy anaovana fanadihadiana mialoha miisa dimy:

- famaritana ilay toerana;
- fanadihadiana mikasika ny fiantraikany amin'ny tontolo iainana;

- fanadihadiana momba ny fahazoa-manatanteraka azy ara-toekarena sy ara-bola;
- fanadihadiana ny mombamomba ny fanatontosana azy;
- fanadihadiana am-boalohany mikasika ny fanajariana tanan-dehibe.

Ny votoatin'ny drafitra fanajariana tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany no atao soridalan-kitondrana fototra alohan'ny handraisana fanapahana mikasika ny fananganana faritra fanajariana lany era.

Ireny fanadihadiana ireny no atao fahatry ny taratasin-draharaha fananganana faritra fanajariana lany era.

Zana-tsokajy II
Famononana ny antontan-taratasy fananganana

Andininy 92:- Ao anatin'ny antontan-taratasy fananganana dia ahitana ny:

- tatitra fanolorana, izay manondro indrindra indrindra ny antonantony sy ny fanamarinana lahasa, atao misy filazalazana ny momba ny toetoetran'ilay toerana sy ny tontolo manodidina azy ary manoritra ny antony nitanana ilay tetikasa nanaovana ny antontan-taratasy fananganana miolotra amin'ny fepetra mikasika ny fanajariana ny tanan-dehibe manan-kery sy ny fanadihadiana notontosaina mikasika ny fiantraikany;
- drafitry ny toerana misy azy ;
- drafitry ny famaritana ny /na ireo velaran-tany eran'ny faritra;
- fanondroana ny fomba fanatontosana nofinidy;
- fitsipika mifehy ny faritra anoloan'ny hetra amin'ny tany misy tsangan'asa miorina sy ny hetran-tany;
- fanondroana ny drafitra fanajariana tanan-dehibe ampiharina ao anatin'ilay faritra.

Zana-tsokajy III
Votoatiny, fampahafantarana ny besinimaro ary faharetam-potoana mampanan-kery ny sora-panekena fananganana

Andininy 93:- Ny sora-panekena fananganana no mamaritra ny soridalana lehibe itondrana ny faritra fanajariana lany era.

Ny fanapahan-kevitry ny filankevitry ny kaominina na ny rantsa-mangaika ny fanapahan-kevitry ny vondron-draharahan'ny fiaraha-miasan'ny samy kaominina mahefa na ny didim-pitondrana raisin'ny solontenam-panjakana amin'ny faritra izay manangana ny faritra fanajariana ifampierana dia atao peta-drindrina mandritra ny iray volana eo amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanàna.

Ankoatra io dia asiana filazana izany avoaka aminà tarehintsoratra mazava tsara anatin'ny gazety anankiroa famoahana ny fampilazana ampanaovin'ny lalàna.

Andininy 94:- Raha voasoritra fa ny fepetra raketin'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe notoavina dia tsy ho tànana amin'ny na ireo tany tafiditra anatin'ilay faritra dia zary maty

momoka ny fanapahana manangana ny faritra raha toa ao anatin’ny fe-potoana roa taona manomboka amin’ny famoahana azy ho fantatry ny besinimaro ka tsy notoavina ny drafitra fanajariana ilay faritra.

Zana-tsokajy IV
Fananganana sy famaritana

Andininy 95:- Ny faritra fanajariana lany era dia atsangan’ny kaominina voakasika, amin’ny nahim-pony ihany, na araka ny fangatahana ataon’ny tompon-tany na olon-tsotra na fikambanana mizaka ny zom-panjakana na ny an’olon-tsotra nirotsaka an-tsehatra amin’ny lahasam-panajariana.

Ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana nanangana ny faritra fanajariana lany era dia tsy maintsy mampiombon’antoka, mandritra ny fotoam-paharetan’ny famolavolana ny tetikasa, ny tompon’ny tany, ny fikambanana eo an-toerana mahasolo tena indrindra ny hafa amin’ny sehatr’asa voakasika ary koa ny olon-drehetra afa-mandray anjara amin’ny fanatontosana hatramin’ny farany ny lahasam-panjakana lany era.

Andininy 96:- Ny velaran’ny faritra fanajariana lany era dia soritan’ny fanapaha-kevitry filankevitry ny kaominina raha toa ny kaominina manana drafitra fanajariana tanan-dehibe ary amin’ny mifanohitra amin’izay, soritan’ny solontenam-panjakana amin’ny faritra araka ny fangatahana na rahefa nanome ny heviny ny filankevitry ny kaominina.

Raha toa ny kaominina anisan’ny ao anatin’ny vondron-draharahan’ny fiaraha-miasan’ny samy kaominia afa-miandrandra izany, dia azony atao, rahefa ifanarahany amin’io vondron-draharaha io, ny mamindra aminy izany tandrifim-pahefana izany.

Andininy 97:- Na izany aza dia ny solontenam-panjakana amin’ny faritra no manangana, rahefa nanome ny heviny ny filankevitry ny kaominina voakasika:

- ny faritra fanajariana lany era tontosaina noho ny finiavan’ny Fanjakana, ny faritra na ireo antokon-draharaham-panjakana sy ny nampiandraiketana ny fisahanan-draharaham-panjakana;
- ny faritra fanajariana lany era tontosaina amin’ny tanin’ny kaominina maromaro, raha toa ireny kaominina ireny tsy anisan’ny ao anatin’ny vondron-draharahan’ny fiaraha-miasan’ny samy kaominina mahasahana ny tontaliben’ny fanana-mifaka voakasika na tsy namindra taminy ny tandrifim-pahefany.

Andininy 98:- Raha toa ny fananganana ilay faritra ka tandrifim-pahefan’ny Solontenam-panjakana amin’ny faritra, dia manome ny heviny mikasika ny antontan-taratasy fananganana ny filankevitry ny kaominina izay eo amin’ny taniny no iheverana hananganana ilay faritra, na ny rantsa-mangaika ny fanapahan-kevitry ny vondron-draharahan’ny fiaraha-miasan’ny samy kaominina mahefa.

Heverina fa ekena ilay hevitra raha tsy voatolotra naroso tanatin’ny fe-potoana telo volana manomboka amin’ny aharaisan’ny Ben’ny tanàna na ny filohan’ny vondron-draharaham-panjakan ny antontan-taratasy fananganana.

Zana-tsokajy V
Ny vokatry ny fananganana faritra fanajariana lany era

Paragrafy I
Zo amin'ny famoizam-pananana

Andininy 99:- Manomboka amin'ny famoahana ny sora-panekena manangana ny faritra fanajariana lany era, dia azon'ny tompon'ny tany tafiditra anatin'ilay faritra atao ny mitaky amin'ny vondrom-bahoaka na antokon-draharaham-panjakana nanam-piniavana ny amin'ny fananganana ny faritra, ny hividianany ny taniny.

Andininy 100:- Ny vondrom-bahoaka na ny sampandraharaham-panjakana anokanana ny tany dia tsy maintsy manapa-kevitra ao anatin'ny fe-potoana iray taona manomboka amin'ny aharaisana ao amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanàna ny fangatahana nataon'ny tompon'ny tany.

Raha misy ny fifanarahana amim-pihavanana, dia tsy maintsy efaina ny vidin'ny tany raha ela indrindra ao anatin'ny roa taona manomboka amin'ny aharaisana ao amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanàna an'io fangatahana io.

Raha tsy tanteraka ny fifanarahana amim-pihavanana, ny paika arahana momba ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany dia atomboka ao anatin'ny fe-potoana enim-bolana.

Paragrafy II
Ny vokany amin'ny didy amam-pitsipika

Andininy 101:- Amin'ny faritra fanajariana lany era voatsangana, ny fizarazaran-tany tontosain'ny mpanao fanajariana ao dia tsy ilàna fahazoan'alalana.

Raha toa ka tsy nisy ny fizarazarana alohan'ny fanganananа faritra fanajariana lany era, ny tompon'ny tany aty afara dia manan'adidy hangataka ny alalana fizarazarana ny taniny.

Sokajy III
Fiambaratongan'ny fanatontsosana ny faritra fanajariana lany era

Zana-tsokajy voalohany
Fomba fanatontosana izany

Andininy 102:- Ny fanajariana sy ny fampitaovana ny faritra fanajariana lany era dia tontosaina:

- na mivantana sahanin'ny vondrom-bahoaka nanam-piniavana ny amin'ny fananganana
- na amin'ny alalan'ny fanomezam-pahefana ny amin'ny antokon-draharaham-panjakana iray manao ny lahasam-panajariana;

- na amin'ny alalan'ny fampiandraiketana ny fisahanan-draharaha amin'antokon-draharaham-panjakana afa-miandrandra ny fananganana faritra fanajariana lany era;
- na fikambanana ifarimbonana amin'ny Fanjakana manao ny lahasam-panajariana;
- na amin'ny alalan'ny fifanarahana ifanaovana amin'olon-tsotra tompon'ny ankamaroan'ny tany na fikambanana mizaka ny zom-panjakana.
- Na kabinetra mana-mahay afa-mamaly ireo fepetra takiana.

Zana-tsokajy II
Antontan-taratasin'ny fanantontosana izany

Andininy 103:- Ny kaominina na ny Solontenam-panjakana amin'ny faritra nanam-piniavana tamin'ny fananganana ilay faritra no mamonona ny antontan-taratasin'ny fanatontosana izay ahitana:

- ny fandaharanasan'ny fampitaovana ha an'ny besinimaro ho tontsosaina ao anatin'ilay faritra;
- ny volavolan'ny drafitra fanajariana ny faritra, afa-tsy raha notanan'ny fanapahana momba ny fanajariana hanan-kery ny fepetra voalazan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe, ka manan-danja io toy ny drafitra fanajariana ilay faritra;
- ny fombafomba faminavinana ny famatsiam-bola ny lahasam-panajariana miambarantonga isam-potoana.

Paragirafy I
Ny fandaharanasa momba ny fampitaovana ho an'ny besinimaro

Andininy 104:- Ny fandaharanasa momba ny fampitaovana ho an'ny besinimaro dia miendrika lisitry ny fampitaovana manodro izay ho mpifehy taoraha sy izay hiandraikitra ny fandraisana an-tànana sy ny fitantanana azy, amin'izay mikasika ny tsirairay aminy.

Ny fandaharanasa momba ny fampitaovana ho an'ny besinimaro dia ahitana:

- ny fanombanana amin'ambangovangony ny sarany, amin'ny tany vidina sy lahasa atao, indrindra manokana ny saram-pitantanana an'ireny fampitaovana ireny ho an'ny vondrom-bahoaka isanisany voakasika;
- ny fanombanana ny loharanom-bola maneho ny tahirim-bola fandraisan'anjara voaray;
- ny figadonan'ny fe-potoana isain'ny asa vita mifandrindra amin'ny mikasika ny lahasa fanajariana.

Andininy 105:- Ny fepetran-dalàna momba ny fifehezana ny taoraham-panjakana dia tsy ampiharina amin'ny taoraha mikasika ny fotodrafitrasa tontosaina anatin'ny faritra fanajariana lany era.

Nefa kosa dia mihatra ny lalàna amin'ny lahasa rehetra tanjaky ny taoraha.

Paragrafy II
Drafitra fanajariana ny faritra

Andininy 106:- Amin'ny faritra fanajariana lany era isanisany dia raiketina ny drafitra fanajariana ilay faritra mifanerana amin'ny soridalan-kitondrana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany, raha misy izany, na manao ahoana ny voalazan'ny andininy faha- 105 farany etsy ambony.

Ny fikambanana mizaka ny zom-panjakana nanam-piniavana tamin'ny fananganana ilay faritra no mamolavola azy io.

Asaina hifarimbona amin'izany famolavolana izany ny Fanjakana, ny Faritra ary ny Kaominina.

Ny solontenam-panjakana ao amin'ny Faritra misahana ny tanan-dehibe sy ny fonenana no mampahafantatra amin'ilay fikambanana mizaka ny zom-panjakana nanam-piniavana tamin'asam-pananganana, ny fameperana sy loloha voalazan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipirihany ary mampita aminy ny fahalalan-draha hafa rehetra heveriny fa ilaina amin'ny famolavolana ny drafitra fanajariana ny faritra.

Andininy 107:- Ny drafitra fanajariana ny faritra no mametra ny fitsipika ankapobe sy ny loloha iantsorohana amin'ny fampiasana ny tany afa-tsy raha toa tanana ho manan-kery ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe.

Tahaka ny amin'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe, dia hita ao amin'io drafitra io:

Ny tatitra fanolorana:

- famahavahana ny fomba hifanojoan'ny fandaharanasa notanana amin'ny tsinjon-koavin'ny fivoaran'ny mombamomba ny mponina sy ny toekaren'ny kaominina, na ny vondron'ny kaominina voakasika, raha misy;
- fanamarinana ny fifaneranan'ny fepetra raketin'ny drafitra fanajariana ny faritra amin'ny voalazan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany, raha misy, na manao ahoana ny voalazan'ny andininy faha-106 farany etsy ambony.
- fanondroana ny safidy fototra notanana tamin'ny fanajariana tanan-dehibe tamin'ny famolavolana ny drafitra ary koa ny fepetra horaisina amin'ny fitandroana ny tontolo iainana;
- fanehoana ny fandaharanasa mikasika ny fampitaovana ho an'ny besinimaro hotontosaina ao anatin'ny faritra.

Ny taratasin-draharaha an-kisary mampiseho:

- ny fandaminana ny faritra amin'izay mikasika ny toerana hisy sy toetoetry ny làlam-pifamoivoizana lehibe hotanana, hasiam-panovàna na hamboarina, ny toerana hisy ny taoraha lehibe ho an'ny besinimaro, ny tsangan'asa ikatsahana ny tombotsoan'ny rehetra ary ny velaran-tany rako-maintso;
- ny faritra ampiharana ao anatiny ny fitsipika voatondron'ny andininy 128;
- ny velaran-tany voavoly hazo;

- ny loloha fanasoavam-bahoaka misy sy miantraika amin'ny fampiasana ny tany ao anatin'ny faritra voakasika.

Fitsipika manoritra indrindra:

- ny fitsipika fampihatra amin'ny tany anatin'ny tsitokotokony amin'ilay faritra, indrindra ny fanokanan-tany mahery lanja, ny fameperana mikasika ny hisy ny asam-panorenana milotra amin'ny làlana faleha, amin'ny farafetran'ny mampisaraka azy ary ny asam-panorenana hafa, ny tany voarakotry ny asam-panorenana;
- ny tahan'ny fitoerana amin'ny tany amin'ny faritra isanisany na ampahan'ny faritra.

Paragrafy III
Famotopotorana anivom-bahoaka

Andininy 108:- Ny tetikasa fanajariana ny faritra dia anaovana fampotopotorana anivom-bahoaka araka ny fomba voasoritry ny lalàna mikasika ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany ho fanasoavam-bahoaka.

Ny famotopotorana anivom-bahoaka dia sokafana sy arindra araka ny didim-pitondrana ataon'ny solontenam-panjakana amin'ny faritra voakasika.

Ny famotopotorana anivom-bahoaka dia manan-kery toa ny famotopotorana mialoha ny fanambarana fa fanasoavam-bahoaka ny lahasa atao, ny fandraisana tany na fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany voalazan'ny drafitra fanajariana.

Paragrafy IV - Ny fankatoavana

Andininy 109: -Ny hany tsy maintsy iharan'ny fankatoavana dia ny fandaharanasa mikasika ny fampitaovana ho an'ny besinimaro sy ny drafitra fanajariana ny faritra.

Ny fombafomba faminavinana ny famatsiam-bola ny lahasam-panajariana dia tsy ilàna ny fankatoavana.

Ny fandaharanasa mikasika ny fampitaovana ho an'ny besinimaro dia ankatoavin'ny manampahefana tompon'andraikitra amin'ny fanajariana ny faritra izay ho tsy maintsy:

- nanamarina nialoha fa ny fikambanana mizaka ny zom-panjakana nanam-piniavana tamin'ny fananganana ny faritra dia nanaiky hiantsoroka ny vokatry ny fanatontosana azy ara-bola sy nanoritra ny fepetra tsy maintsy ampizorana ny lahasam-panajariana;
- nanamarina mialoha fa ny vondrom-bahoaka samy hafa na antokon-draharaham-panjakana izay mandray anjara amin'ny fanjariana ny faritra dia efa nanaiky hiantsoroka ny fifehezana ny tao raha amin'ny fampitaovana.

Ny fankatoavana ny drafitra fanajariana ny faritra dia atao amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny filankevitry ny kaominina na ny rantsamangaika ny fanapahan-kevitry ny vondron-draharahan'ny fiaraha-miasan'ny samy kaominina aorian'ny fanehoan-kevitry ny komity misahana ny fanajariana tanan-dehibe eo anivon'ny Kaominina.

Ny fanapahan-kevitra sy ny drafitra fanajariana faritra nankatoavina dia tsy maintsy ampahafantarina ny besinimaro araka ny voalaza ao andininy faha 110 eo ambany.

Andininy 110:- Ny drafitry ny fanajariana ny faritra dia azo asetry ny fikambanana rehetra mizaka ny zom-panjakana na tsy miankina aminy amin'ny fanatanterahana ny lahasa rehetra, tsangan'asa na asam-panorenana mahakasika ny fampiasana ny tany raha vao vita ny fampahafantarana azy amin'ny besinimaro.

Ny sora-panekena ankatoavana ny drafitra fanajariana ny faritra dia avaoka ho fantatry ny besinimaro araka ny fepetra mitovy amin'ny mikasika ny fanapahana momba ny fananganana, amin'ny alalan'ny peta-drindrina eo amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanàna mandritra ny iray volana sy filazana avoaka amin'ny gazety anankiroa famoahana ny fampilazana ampanaovin'ny lalàna.

Tsy ilàna ny famoahana ho fantatry ny besinimaro ny fandaharanasa fampitaovana ho an'ny rehetra na ny sora-panekena fankatoavana ny fifanarahana na ny fampiandraiketana ny fisahanan-draharaha.

Tsy azo vinavinaina ahatra mialoha ny drafitra fanajariana ny faritra.

Zana-tsokajy III
Fanovana ny fandaharanasa fampitaovana ho an'ny besinimaro na ny drafitra fanajariana ny faritra

Andininy 111:- Araka ny fomba nankatoavana azy ihany no andraisana fanapahana momba ny fanovàna na fanafoanana ny drafitra fanajariana faritra amin'ny faritra fanajariana iray lany era.

Andininy 112:- Ny fikambanana mizaka ny zom-panjakana nanam-piniavana tamin'ny fananganana ny faritra fanajariana lany era dia mety hampisy fanovàna, noho ny fizotran'ny lahasa atao, amin'ny fandaharan'asa fampitaovana ho an'ny besinimaro ary vokatr'izany amin'ny fombafomba faminavinana ny famatsiam-bola.

Andininy 113:- Aorian'ny fitakiana tsy nahitam-bokany tanatin'ny enim-bolana natao tamin'ny fikambanana mizaka ny zom-panjakana izay namolavola ny drafitra fanajariana ny faritra sy ny manampahefana tompon'andraikitra amin'ny fankatoavana izany drafitra izany, dia azon'ny solontenam-panjakana amin'ny faritra atao ny mamolavola sy mankatoa, rahefa nanome ny heviny ny filankevitry ny kaominina na ny rantsa-mangaika ny fanapahan-kevitry ny vondron-draharahan'ny fiaraha-miasan'ny samy kaominina tompon'andraikitra sy ny famotopotorana anivom-bahoaka, ny fanovàna ny drafitra fanajariana ny faritra mba hifanentanan'ity farany amin'ny soridalan-kitondrana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipirihany notoavina na noraiketina taty aorian'ny fankatoavana ny drafitra.

Zana-tsokajy IV
Fanafoana ny faritra fanajariana iray lany era

Andininy 114:- Araka ny fomba voadidy arahana amin'ny fananganana azy ihany no anafoanana na anovàna ny faritra fanajariana lany era.

Azo foanana ny faritra fanajariana lany era raha tsy nisy mihitsy ny fiantombohan'asa voalazan'ny figadonan'ny fe-potoana ahatontosana ny lahasa vaorakitra anatin'ny antontan-taratasy momba ny fahavitany.

Ny fanapahana manafoana ny faritra fanajariana lany era dia ampiharana ny fepetra momba ny fampahafantarana azy amin'ny besinimaro sy ny fampahalalan-draha voalazan'ny andininy 110.

Sokajy IV
Fitantanana ny lahasa amin'ny faritra fanajariana ifampidinihana

Zana-tsokajy voalohany
Ny antonanton'ny fombafomba arahana amin'ny faritra fanajariana lany era

Andininy 115:- Ny faritra fanajariana lany era dia fitaovana enti-mandrindra ny asan'olon-tsotra tompon'ny tany noho ny fitsipika mifehy ny fandraisany anjara amin'ny fampitaovana ha an'ny besinimaro, ny fandaharanasa mikasika azy ireny sy ny drafitra fanajariana ilay faritra.

Raha toa ao anatin'ny faritra fanajariana lany era nisy velaran-tany vaosoritry ny sora-panekena manambara ny maha-fanasoavam-bahoaka ikatsahana ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakana azy, ny tompon-tany sasan-tsasany dia mety ho vonona handray anjara amin'ny fampitaovana voatondro izay ifanarahana amin'ny kaominina sy ny mpanao ny fanajariana. Amin'izay azon'ny kaominina tohizana ny fanajariana nefa tsy alàna amin'ny tompon'ny tany mandray anjara amin'ny famatsiam-bola ny lahasa ny fizakana azy, araka ny fepetra voasoritra ao anatin'ny todikefa.

Amin'ny faritra fanajariana lany era izay voakasiky ny fifanarahana ifanaovana amin'ny fikambanana mizaka ny zom-panjakana n any an'olon-tsotra tompon'ny ankamaroan'ny tany, dia manara-maso ny fombafomba arahana ny kaominina nefa tsy mandray anjara amin'ny mety ho setraina ara-bola.

Ny faritra fanajariana lany era dia azo ampiasaina ho sehatra fandrindrana sy fampivoarana tanan-dehibe vaovao ahafaha-mandray ny lahasa sahanin'ny Fanjakana na olon-tsotra tontosaina amin'endriky ny fahazoan-dalana hanorina na famaritana tsitokon-tany. Amin'io tranga io ihany koa, dia asiana fetrany na foanana ny fahazoan'ny Fanjakana maka ny tany ny finiavan'olon-tsotra tompon-tany mantsy no fanoitra manentana ny fanajariana ny tanan-dehibe vaovao.

Zana-tsokajy II
Ny fahazoa-mizaka ny fananan-tany

Andininy 116:- Ny fahazoa- mizaka ny fananan-tany tafiditra ao amin'ny faritra fanajariana lany era dia iandraiketan'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana izay nanana finiavana hanangana azy alohan'ny famindrana ny fitantatana.

Andininy 117:- Raha toa ny faritra fanajariana lany era ankinina amin'Antokon-draharaham-panjakana iray amin'ny alalan'ny fifanarahana, ny fitantanana ny lahasa fanajariana dia

iandraiketany rahefa lasa zary tompony mahafehy ilay faritra izy tamin'ny alalan'ny fifanarahana amim-pihavanana ahazoany ny tany ary noho ny antony manokana tamin'ny alalan'ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany nampanaovin'ny fahefam-panjakana. Ny mifanohitra amin'izany, ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana dia afaka manome fahefana azy hanatanteraka ny paika fahazoa-mizaka ny fananan-tany.

Andininy 118:- Ny antokon-draharaham-panjakana ny vondron'ny nampiandraiketina ny fisahanan-draharaha dia azo tendrena hikarakara ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany amin'ny alalan'ny sora-panekena manambara fa fanasoavam-bahoaka ny fandraisana tany tsisy inona na inona na misy tsangan'asa miorina tafiditra anatin'ny faritra fanajariana lany era.

Rahefa noesorin'ny kaominina tamin'ny tompona dieny mialoha ny fizakana ny tany, dia azony afindra amin'ny alalan'ny fifampiraharahana tsotra sy tsy ilàna akory ny fanarahana ny fombafomba ny fitompoan'ny nampiandraiketana ny fisahanan-draharaha azy raha toa vidiny ivarotana azy ka mira ahay amin'ny nividianana azy miampy ny sarany efain'ilay vondrom-bahoaka.

Andininy 119:- Ny antonanton'ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany raketin'ny sora-panekena manambara ny maha-fanasoam-bahoaka azy dia tsy maintsy mitovy ihany amin'ny an'ny faritra fanajariana lany era.

Zana-tsokajy III
Famindrana ny fitompoan-tany

Andininy 120:- Ny famindrana ny fitompoan-tany isanisany ataon'ny vondrom-bahoaka itsijaram-pahefana, ny antokon-draharaha nampiandraiketina ny fisahanan-draharaha, ary na inona na inona fomba nanatanterahana azy dia tsy maintsy voarakitra anatin'ny bokin'andraikitra ilàna ny fankatoavan'ny filan-kevitry ny Kaominina na ny ratsamangaika mpanapa-kevitry ny vondrona Kaominina voakasik'izany.

Andininy 121:- Ny bokin'andraikitra mikasika ny famindram-pitompoana, ny fampanofana na fampiandraiketana ny fisahanan-draharaha ampiasaina ny tany ao anatin'ny faritra fanajariana lany era dia tsy maintsy:
manondro ny isan'ny metatra toradroan'ny velaran-tany tsisy inona na inona afa-karatsaka izay nahazoan-dalana ny asam-panorenana atao eo amin'ny sombin-tany nafindra tompo, nampanofaina na nampiandraiketana ny mpisahan-draharaha sy manoritra ny fameperana ara-teknika, momba ny fanajariana ny tanan-dehibe sy mari-drefin'endrika amam-bika takiana amin'ny mpanorina mandritra ny fotoam-paharetan'ny fanatontosana azy ao amin'ilay faritra;

Andininy 122:- Ny fifanarahana rehetra izay ataon'ny Kaominina ao anatin'ny faritra fanajariana lany era dia tsy maintsy mangarahara amin'ny alalan'ny fombafomba fiantsoana fifaninanana.

Sokajy V
Fahavitan'ny faritra fanajariana lany era

Andininy 123:- Ny fahavitan'ny faritra fanajariana lany era dia tsy maintsy zahana fototra rahefa tanteraka ny fandaharanasan'ny fampitaovana ho an'ny besinimaro notoavina.

Ny fahavitany dia zahana fototra amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny manampahefana tompon'andraikitra nanangana ny faritra, araka ny fangatahana na rahefa nanome ny heviny ny rantsa-mangaika ny fanapahan-kevitry ny kaominina na ny vondron-draharahan'ny fiaraha-miasan'ny samy kaominina.

Ny fizaham-pototra ny fahavitany dia tsy azo atao mialoha ny fifaranan'ny fifanarahana na ny fampiandraiketana ny fisahanan-draharaha.

Ny sora-panekena ny fahavitany dia avoaka ho fantatry ny besinimaro araka ny fepetra voalazan'ny andalana 2 amin'ny andininy 110 amin'izao fehezan-dalàna izao.

Andininy 124:- Ny didim-pitondrana fanapahana fizaham-pototra ny fahavitany dia:

- manafoana ny sora-panekena fananganana ny faritra fanajariana lany era;
- manoritra ny fampidirana ao anatin'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ny drafitra fanajariana an'ilay faritra ary ny fepetra hoenti-mampisy ny maha-iray tokana ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny rindran-damin'ny mari-drefin'endrika amam-bika ao anatin'ny faritra tafiditra ao amin'ny bokin'andraikitra fampisahanan-draharaha sy ny bokin'andraikitra famindrana ny fitompoan-tany notoavina;
- ary mametra ny fombafomba anaovana an'io fampidirana azy ho ao anatiny io.

Ny tany ao anatin'ny velarana voakasika amin'izay dia iharan'ny fitsipi-pitondrana ara-dalàna ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe araka ny namaritana azy amin'izao fehezan-dalàna izao.

Ny fepetra voalazan'ny bokin'andraikitra mikasika ny famindrana ny fitompoan-tany izay ahitana fameperana ara-teknika,momba ny fanajariana tanan-dehibe sy ny rindran-damin'ny mari-drefin'endrika amam-bika dia very an-javony raha tsy izany aiditra ao amin'ny drafitra fanajariana tanan-dehibe.

Andininy 125:- Any amin'ireo kaominina tsy manana drafitra fanajariana tanan-dehibe notoavina ary navoaka ho fantam-bahoaka, dia manjary ho drafitra fanajariana amin'ampahany ny tanan-dehibe eran'ny tanin'ny kaominina, ny drafitra fanajariam-paritra amin'ilay faritra fanajariana lany era.

Toko II
Mikasika ny tsitokon-tany

Sokajy voalohany: Ankapoben-draharaha

Andininy 126: - Mamorona tsitokon-tany iray, araka ny voalazan'ity lalàna ity, ny lahasa sy ny vokatry ny lahasa nifantoka sy niteraka fizarana araka ny planina sy amin'ny tany voatsitokotoko manana toetoetra manokana ara-pananan-tany iray na maromaro isaky ny famarotana, fampanofana indray miaraka na mifanesy mba hoenti-manangana trano fonenana, zaridaina na orinasa ara-indostria na ara-barotra.

Ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana no mamaritra araka ny didim-pitondrana, ny velaran'ny tany anaovana fanatsitokoana.

Tsy maintsy atao ny mandrafitra ny bokin'andraikitra ary koa ny mamolavola ny drafitra fanatsitokoan-tany sy ny sata mifehy ny sendikan'ny tompon-tany.
Ny fizarazarana avy tamin'ny lahasa fanatsitokoan-tany dia iharan'ny fanajana ny fepetra faritan'ity andininy ity.

Ny bokin'andraikitra dia ahitana ny didy amam-pitsipika anatiny mikasika izany fanatsitokoan-tany izany ka milaza ny adidy aman'andraikitry ny mpanatsitoko sy ny an'izay hividy eo amin'ny lafiny fitsipika momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe.

And. 127:- Ny fitsinjarana mahafaobe, dia natao hanatanterahana araka ny drafitra momba ny sori-kisarintany, ny fizarana ho ampahany maromaro ny tany misy titra, manana kadasitra na anaovana fanamarinana momba ny fananan-tany, manana velarana izay hofaritana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana, arakaraka ny toetoetra mampiavaka azy isaky ny toerana.
Ny drafitra fitsinjarana mahafaobe dia tsy maintsy atolotry ny injeniera momba ny Fanorenan-trano sy Asa Vaventy na ny Mpahay mikasika ny fanajariana ny tanàn-dehibe, ao anatin'ny drafitra hafa iray, ary avy eo dia raisin'ny mpandrefy tany nahavita fianianana.
Ny mpandrefy tany manamahay miandraikitra ny lahasa dia tsy maintsy mampiseho ao amin'ny drafitra, ny velaran-tany azo ivezivezena isaky ny ampahany. Ny drafitra fitsinjarana dia tsy maintsy voamarina sy voarakitra am-boky ao amin'ny Fari-piadidiana momba ny sori-kisarintany aorian'ny fankatoavan'ny solontenan'ny sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Andininy 128:- Ny fizarazarana dia natao hanesorana ny ampahan-tany iray manana laharana na kadasitra mba hamoronana tany vaovao mitondra anarana sy laharana miavaka. Izany ampahany izany dia mety horafetin'ny sombin-tany iray na maromaro.
Ny famarotana, ny tolo-pananana tsy vita zara, fizaram-pananana ary amin'ny ankapobeny ny sora-panekena rehetra sivily na ara-pitsarana niteraka ny fizarazarana ny tany manana

laharana na ny sombin-tany manana kadasitra, misy tsangan'asa miorina na tsia, manana velarana izay hofaritana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe arakaraka ny toetoetra mampiavaka azy isaky ny toerana, ao anatin'ny velaram-paritra misy ny vangongon-tanàna an'ny Kaominina, dia tsy maintsy omen'ny solontenan'ny sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana alalana. Ny fepetra takiana ho amin'ny fangatahana izany fanomezana alalana izany dia hofaritan'ity didim-pitondrana ity arakaraka ny sokajin'ny velarana.

Tsy iharan'ny fanomezana alalana voalazan'ny andalana 2 amin'ity andininy ity ny fifanekena mikasika manokana fotsiny ny famindrana noho ny fahafatesana na ny fampizakana zo sy anjara tsy vita zara.

Lavin'ny mpikajy ny fananan-tany ny fanoratana ao amin'ny titra fananan-tany ny sora-panekena rehetra voatanisa ao amin'ny andalana etsy aloha amin'ity andininy ity izay tsy nilazana ny vaninandro sy ny laharan'ny fahazoan-dalana nomena.

Zana-tsokajy I
Tsitokon-tany anorenana trano fonenana

Andininy 129:- Ny fanadihadiana sy fanoritana didy amam-pitsipika mikasika ny tsitokon-tanin'ny Fanjakana ary koa izay hoenti-mampandroso azy dia tsy maintsy ilana ny fanehoan-kevitry ny Sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Andininy 130:- Ny fananganana na ny fampandrosoana ny tsitokon-tany hoenti-manorina trano fonenana sy ny miaraka aminy dia miankina amin'ny fahazoana alalana nomen'ny Vondrombahoaka tompon'andraikitra na ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana, faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika arakaraka ny velarana voakasiky ny tetikasa fanatsitokoan-tany.

Andininy 131: - Ny didim-pitondrana anomezana alalana dia manoritra ny fameperana izay tsy maintsy arahin'ny mpanatsitoko sy mamaritra ny fitsipika sy loloha fitandroana ny tombontsoan'ny rehetra iantsorohana amin'ny tsitokon-tany.

Ny sosony iray amin'ny didim-pitondrana anomezana alalana sy amin'ny tetikasa nomena alalana dia apetraka sy avela hozahan'ny besinimaro, mandritra ny iray volana, ao amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina izay misy ny ampahany be indrindra amin'ny tsitokon-tany.

Izay rehetra fanombohana ny asa ary koa ny fanaovana peta-drindrina rehetra sy asa fanaovana dokam-barotra hafa dia voarara alohan'ny famoahana ny didim-pitondrana.

Andininy 132: - Lavina ny fanomezana alalana raha toa tsy tsara hanorenan-trano fonenana eo amin'ilay tany na raha toa ny tsitokon-tany tsy mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe navoaka ho fantatry ny besinimaro sy notoavin'ny kaominina.

Azo lavina izy io na tsy omena raha tsy tandremana ny fameperana manokana raha toa ny tsitokon-tany mety hanohitohina ny toe-pahasalamana na ny fiahiana ny tokin'ainam-bahoaka na mitaky ny fampiorenan'ny kaominina fampitaovana vaovao tsy nampoizina.

Azo lavina ihany koa izy io, rahefa nanome ny heviny ny vaomieram-paritra momba ny fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe, na tsy omena raha tsy tandremana ny fameperana manokana raha toa ilay lahasa hotanterahina, noho ny toerana misy azy, ny hangezany na ny endriky ny asam-panorenana kasain-kajoro, ka mety hanohitohina ny toetoetra na ny tombontsoan'ny toerana mifanakaiky aminy, ny toeran-manintona na ny tontolon'ny voahary na tanan-dehibe.

Andininy 133:- Takiana amin'ny didim-pitondrana fanomezana alalana, raha ilaina:

- ny fanatanterahan'ny mpanatsitoko ny asa rehetra ilaina amin'ny fampanjariana ny tsitokon-tany, indrindra: ny lalan-kaleha, ny fizaran-drano, ny fanarian-drano maloto, ny jiro manazava, ny fanamboarana toeram-piantsonana, faritra malalaka na volen-kazo;
- mety ahazoana alalana ny fanatanterahana ny lahasa isan'ampahany;
- ny fandraisan'ny mpanatsitoko anjara amin'ny lany enti-manamboatra ny fampitaovana ho an'ny besinimaro manandrify ny ilaina amin'ny tsitokon-tany ary zary takian'ny fananganana azy;
- ny fanokanana tany sasantsasany, araka ny drafitra mahafaobe, hanorenana trano fampiorenana ny fampitaovana ary koa ny toerana fisahanan'asa aman-draharaha mifanerana amin'ny trano fonenana;
- ny fananganana fikambanana sendikaly miandraikitra ny fitantanana sy ny fikojakojana ny taoraha sy asam-panajariana itandroana ny tombontsoa iombonana;
- ny fanafoanana na ny fanovàna ireo famarafaran-teny amin'ny fitsipika mametra ny fitsipika sy ny loloha fitandroana ny tombontsoan'ny rehetra takiana amin'ny fanatsitokoan-tany izay mety hifanohitra amin'ny endrikendriny.

Ny didim-pitondrana manome alalana ny fanatsitokoan-tany dia mamaritra, ankoatr'izany, ny adidy aman'andraikitra hafa rehetra natao hiantsorohan'ny mpanatsitoko, indrindra amin'izay mikasika ny fandraisana anjara amin'ny fandaniana momba ny fanatanterahana ny fampitaovana ho an'ny besinimaro mifandraika amin'ny filana mikasika ny fanatsitokoan-tany sy manjary ilaina amin'ny fananganana izany.

Andininy 134:- Zary maty momoka ny didim-pitondrana fanomezana alalana raha toa ny asam-panajariana tsy atomboka sy tohizana ao anatin'ny fe-potoana soritan'izany didim-pitondrana izany, izay tsy hihoatra ny herintaona.

Andininy 135:- Ny solontenan'ny sampandraharaha miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana ary ny Ben'ny tanàna dia afa-mitsidika eny an-toerana na amin'ny fotoana na amin'ny fotoana inona sy manao ny fanamarinana heveriny fa ilaina.

Andininy 136:- Ny fivarotana na ny fampanofana tany misy tsangan'asa miorina na tsia ao anatin'ny tsitokon-tany ary ny fampijoroana asam-panorenana, dia tsy azo tontosaina raha

tsy aorian'ny fahazoan'alalana voalazan'ny andininy 130 eto ambony sy ny fahatanterahan'ny ny fameperana rehetra takian'ny didim-pitondrana fanomezana alalana amin'ny mpanatsitoko.

Na izany aza, mba hisorohana ny fahasimban'ny làlana mandritra ny lahasam-panorenana, dia azon'ny Ben'ny tanàna atao, amin'ny fandinganana ny fepetra voalazan'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity, rehefa nahazo fanamarinana ara-teknika avy amin'ny solontenan'ny sampandraharaha miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana, ny manome alalana hivarotra na hamponofa tsitokon-tany na hampijoro asam-panorenana alohan'ny fahavitan'ny lalana tanteraka, raha toa ny mpangataka manaiky hamita ny asa araka ny fepetra sy anatin'ny fe-potoana soritan'ny didim-pitondrana fanomezana alalana .

Andininy 137:- Amin'izay rehetra fivarotana na fampanofana tany misy tsangan'asa miorina na tsia tafiditra anatin'ny tsitokon-tany iray, dia anomezan'ny Ben'ny tanàna, an-taratasy tsotra, tsy andoavan-tsarany sy an-tsosony roa, araka ny fangatahan'ny mpanatsitoko na ny mpiraki-teny mpanato soratra, fanamarinana manamarika ny fahavitan'ny fombafomba voalazan'izao toko izao sy fahatanteran'ny fameperana takian'ny didim-pitondrana fanomezana alalana.

Ny filazana momba io fanamarinana io dia tsy maintsy hita ao amin'ny sora-panekena momba ny fifampivarotana na fampanofana. Ny sosony iray dia hijanona ho tovan'io sora-panekena io, ary ny iray hafa dia ho an'ny mpisitraka amin'ilay atsitokon-tany.

Ny fanomezana an'io fanamarinana io dia manala ny adidy aman'andrikitry ny mpanatsitoko anatrehan'ireo mpisitraka amin'ny tsitokony, indrindra amin'izay mikasika ny fanatanterahana ny lahasa.
Izay ho mpividy ny tsitoko dia manaraka ny fomba aram-panjakana takian'ny lalana mikasika ny famindrana fananan-tany.

Andininy 138:- Ny bokin'andraikitra mikasika ny tsitokon-tany vaofaritra talohan'ny fankatoavana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe, mba hahazoana manangana asam-panorenana mifanaraka amin'io drafitra io, dia azo asiam-panovàna amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Ben'ny tanàna aorian'ny famotopotorana anivom-bahoaka sy rahefa namone ny heviny ny vaomieram-paritry ny fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe ary ny filankevitry ny kaominina vaokasika.

Ny fampahafantarana ny fanaovana ny famotopotorana anivom-bahoaka dia alefa an-taratasy rekomandeha any amin'ny tompon'ny tsitokon-tany isanisany, araka ny fitsipika manan-kery mikasika ny fanesorana amin'ny tompony ny fizahan-tany.

Raha toa ny fanovàna ao amin'ny bokin'andraikitra ka ilàna lahasa fampitaovana, ny fananan-kerin'ireny fanovàna ireny dia hiankina, raha tsy iantsorohan'ny vondrom-bahoaka ny fanatanterahana ny lahasa, amin'ny fanaganana fikambanana sendikalin'ny tompon-tany izay ivondronan'ny tompon'ny tsitokon-tany voakasik'izany lahasa izany.

Ny didim-pitondrana fanovàna ny bokin'andraikitra dia avoakan'ny Ben'ny tanàna ho fantatry ny besinimaro ao amin'ny biraon'ny fikajiana ny fananan-tany, ombàn'ny fanondroana ny fepetra mampanan-kery azy, raha ilaina.

Zana-tsokajy II
Tsitokon-tany ampiasaina amin'antony hafa ankoatra ny fanorenana trano fonenana

Paragrafy voalohany
Tsitokon-tany atao zaridaina

Andininy 139:- Tsy maintsy mahazo fahazoan-dalana avy amin'ny ben'ny tanana rehefa nahazo ny fankatoavan'ny filan-kevitry ny kaominina araka ny voalaza ao amin'ny andininy 129 sy 131 eo ambony ,ny famaritana na fanamaroana ny tsitokon-tany atao zaridaina izay andraràna ny asam-panorenana rehetra atao ho trano fonenana, indostria, varotra na asa tànana.

Andininy 140:- Ny fandraràna ny asam-panorenana voalazan'ny andininy 139 eto ambony dia tsy maintsy anaovana fampahatsiahivana mazava sy an-tarehintsoratra talaky maso amin'ny peta-drindrina, trakitra, filazana ary amin'ny fomba rehetra fampahafantarana azy amin'ny besinimaro ary koa amin'ny sora-panekena momba ny fifampivarotana sy fampanofana. Ambonin'izay, izany fandrarana izany dia tsy maintsy anaovana filazana manokana momba azy izay soratana ery ambanin'ny sora-panekena mikasika ny fifampivarotana na fampanofana soniavin'ny na ireo mpividy na mpanofa misesisesy.

Izany filazana izany dia ho hita ihany koa an-tarehintsoratra talaky maso amin'ny tapakila fandrotsaham-bola isanisany ary amin'ny ankapobeny amin'ny sora-panekena rehetra ataon'ny mpisitraka aminà fampanantenan-kovarotana na hampanofaina.

Andininy 141:- Raha toa ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe navoaka ho fantatry ny besinimaro sy notoavina ka manova ho tsitokon-tany anorenana trano fonenana ny tsitokon-tany atao zaridaina, dia ny fepetra mikasika ny tsitokon-tany anorenana trano fonenana no ampiharina.

Paragrafy II
Tsitokon-tany anorenana indostria, birao sy trano fiasana mifangaro

Andininy 142:- Miankina amin'ny fanomezana alalana avy amin'ny Solontenam-panjakana eny anivon'ny Faritra voakasika, na ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana arakaraka ny velarana voakasiky ny tetikasa, ny fananganana na ny fampandrosoana ny tsitokon-tany mba hoenti-manangana orinasa ara-indostria, ara-barotra, birao ary ampiasaina ho amin'ny zavatra mifangaro.

Ny fitsinjarana ny andraikitra eo amin'ny Solontenam-panjakana eny anivon'ny Faritra voakasika sy ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana, ijerena ny velarana voakasiky ny tetikasa, dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Tsy ahazoana alalana ny tsitokon-tany anorenana indostria raha toa ireny tsy mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe navoaka ho fantatry ny

besinimaro sy notoavina na, raha tsy misy an'izany drafitra izany, raha tsy nanomezan'ny vaomieram-paritry ny fanajariana ny tany sy tanan-dehibe ny fankasitrahany azy.

Ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ny fombafomba fanomezana alalana sy fanatontosana lahasa anatin'ireny tsitokon-tany ireny.

Sokajy II
Fanadihadiana ny fangatahana fanatsitokoan-tany

Andininy 143:- Ny fangatahana alalana amin'ny fanatsitokon-tany dia alefa amin'ny Ben'ny tanàna amin'ny toerana misy ny tany anorenana tsangan'asa.

Ny tompon'ny tany na ny nomeny fahefana no manasonia azy io.

Ampiarahina aminy ny antontan-taratasy, atao sosony 4, ahitana ny taratasin-draharaha izay ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Ny fangatahana alalana dia, na alefa amin'ny Ben'ny tanàna an-taratasy rekomandeha ombàn'ny fangataham-pilazana ny faharaisana azy na apetraka mivantana ao amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanàna, ka amin'izay ity farany dia hanome eo noho eo tapakilam-paharaisana azy.

Ny iray amin'ireo sosony efatra dia azon'ny mpangataka alefa mivantana any amin'ny solontenan'ny sampandraharaha miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana, ka ampandrenesiny izany ny Ben'ny tanàna.

Ao anatin'ny telopolo andro naharaisana ny fampandrenesana, ny Ben'ny tanana dia mamerina ny fangatahana, miaraka amin'ny fanapahan-kevitra arahan'antony, any amin'ny solontenan'ny sampandraharaha miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Andininy 144:- Ny fanadihadiana ny raharaha fangatahana ny fahazoan-dalana hana-tsitoko dia mamakafaka indrindra ny fiantraikany izay mety ho vokatry ny fanatontosana ny fanatsitokoan-tany amin'izay mikasika ny fitandroam-pahadiovana, ny fitandremam-pahasalamana ny toetoetra na ny tombontsoan'ny toerana mifanakaiky aminy, ny fiarovana ny toeran-manintona, na ny tontolon'ny voahary na tanan-dehibe ary koa amin'izay mikasika ny fifamoivoizana, ny fampitaovana ho an'ny besinimaro, ny sampandraharaham-panjakana ary ny fitantanam-bolan'ny kaominina.

Andininy 145:- Ny sampandraharaha-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana dia hanao ny fanadihadiana ara-teknika an'ilay tetikasa izay iarahany amin'ny sampam-pitondran-draharaha hafa voakasika.

Angoniny ny hevitra sy ny fanekena mety ho ilaina amin'ny fampiharana ny fepetran-dalàna sy didy amam-pitsipika.

Mety handroso tolo-kevitra izy amin'ny fampiharana ny andininy 144 etsy ambony.

Raha heveriny fa mety hanohintohina na hampahalafo kokoa ny fanatanterahana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe an-dalam-pandraiketana azy ny fanatsitokoan-tany, dia mandroso tolo-kevitra izy ny amin'ny fampihemorana ny fandraisana fanapahana.

Andininy 146:- Ny Sampandraharaha manam-pahefana no mampanao ny fanadihadiahana ara-pitondrana sy ara-bola ny tetikasa fanatsitokoan-tany.

Izy no mametra ny fandraisan'anjara amin'ny lany amin'ny fanatanterahana ny fampitaovana ho an'ny besinimaro ho takiana amin'ny mpanatsitoko tany.

Raha ilaina dia anontanian'ny Ben'ny tanàna ny hevitry ny vaomieram-paritry ny fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe. Azony ampanaovina, raha heveriny fa ilaina, ny famotopotorana anivom-bahoaka toy ny amin'ny fanesorana amin'ny tompony ny fizakan-tany.

Andininy 147:- Ny fanapahana ombàn'antonantony raisin'ny Ben'ny tanàna na ny solontenam-panjakana amin'ny Faritra mikasika ny tsitokon-tany mihoatra ny dimy arivo metatra toradroa, dia tsy maintsy ampahafantarina ny mpanatsotoko ao anatin'ny fe-potoana roa volana manomboka amin'ny vaninandro nametrahana ny fangatahana na, raha misy singan-taratasy na filazalazana famenony nangatahina tamin'ny mpanatsitoko, manomboka amin'ny andro aharaisana ireny izay hita fototra aminà tapakilam-paharaisana azy na filazana ny aharaisana azy avy amin'ny paositra.

Andininy 148:- Ny didim-pitondrana anomezana alalana sy ny drafitra momba ny fanatsitokoan-tany nomena alalana dia avoaka ao amin'ny biraon'ny Fikajiana ny fananan-tany, ataon'ny Ben'ny tanàna ary ny mpangataka no mandoa ny sarany.

Andininy 149:- Ny didim-pitondrana anomezana alalana ny fanatsitokoan-tany dia zary fahazoan-dalana hanorina. Ny fananganana asam-panorenana trano fonenana na fivarotana dia tsy maintsy anaovana fangatahana fahazoan-dalana hanorina any amin'ny manampahefana tompon'andraikitra araka ny fepetra voalazan'ity lalàna ity.
Ny fahazoan-dalana hanorina dia tsy azo omena afa-tsy ho an'ny asam-panorenana mifanaraka amin'ny fameperana ao amin'ny didim-pitondrana fanomezana alalana sy amin'ny fepetra voasoratra ao amin'ny antontan-taratasin'ny fanatsitokoan-tany nankatoavina.

Andininy 150:- Ny fanomezana ny fahazoan-dalana hanatsitoko tany dia miankina amin'ny fandoavana ny sara, voalaza ao amin'ny andininy faha-164 etsy ambany, ka ny taha dia ferana amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Filankevitry ny Kaominina.

Ny didim-pitondrana rehetra anomezana ny fahazoan-dalana hanatsitoko tany dia tsy maintsy misy andininy milaza ny totalin'ny sara ary koa ny fe-potoana nifanarahana mba handoavana izany sara izany.

Andininy 151:- Ny karazana fanatsitokoan-tany dia anaovana fanadihadiana ara-tontolo iainana sy fanehoan-kevitry ny Minisitera voakasika araka ny didy aman-dalàna sy ny fitsipika manan-kery.

Sokajy III
Fanovana atao amin’ny tsitokon-tany

Andininy 152:- Mialoha ny famarotana na ny fampanofana ny tokon-tany sy avy amin’ny fangatahan’ny mpanatsitoko, dia azo ekena ny fanovana amin’ny ampahany ny tsitokon-tany, raha toa ny fanovana noheverina ka mifanaraka amin’ny Drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ary tsy mifanohitra amin’ny fepetra sy ny sori-dalana voasoritra ao amin’ny bokin’andraikitra nankatoavina, indrindra indrindra amin’ny lafiny fanokanana sy fampiasana ny tany.

Ny fanasarahana iray na maromaro ao amin’ny tsitokotany nahazoan-dalana dia tsy azo ekena fa ny fanakambanana manontolo tsitoko mifanakaiky kosa dia azo ekena.

Ny fangatahana fanovana avy amin’ny iray na maromaro amin’ny tompon’ny tany isan-tokony aminà fanatsitokon-tany nahazoan-dalana, neken’ny sendikaly ny tompon-tany ary nohamafisin’ny mpanatsitoko, dia mety ho azo ekena ihany koa ary araka ny fepetra mitovy amin’ireo ihany, raha toa izany mifanerana amin’ny fepetra voalazan’ny taratasin-draharaha momba ny fanajariana ny tanan-dehibe ampiharina ao amin’ilay faritra misy izany tsitokon-tany izany ary tsy manohintohina ny tombontsoan’ny tompony mivantana.

Ny fangatahana fanovana dia apetraky ny mpanatsitoko ao amin’ny Lapan’ny tanàna mba ho hadihadiana. Amin’ity tranga farany dia omena ny fahazoan-dalana aorian’ny famotopotorana nifanatrehana, maharitra 15 andro, amin’ ireo tompon’ny tsitokon-tany mety ho voatohintohin’ny fanovana ny tombontsoany mandritra ny fampahafantarana ny vinavinan’ny drafitra fanatsitokoan-tany amin’ireo tompony ireo amin’ny alalan’ny fampahalalana isam-batan’olona sy fanaovana peta-drindrina ny filazana iray eo amin’ny toerana misy ny ampahan’ny tsitokon-tany nasiam-panovàna.

Ankoatr’izay izay rehetra voakasika mandritra ny dimy ambin’ny folo andro aharetan’ny fanaovana peta-drindrina, dia afaka mampahafantatra amin’ny Ben’ny tanàna ny fanamarihany ataon’izay apetrany mivantana ka ahazoana tapakilam-paharaisana azy na alefany an-taratasy rekomandeha.

Ny fanovana natolotra sy ny famakafakana ny mety ho fanohanana dia ahazoan-dalana avy amin’ny manam-pahefana araka ny fepetra mitovy amin’ny ny fahazoan-dalana hanatsitoko.

Ny didim-pitondrana manova ny karazana tsitoko mahakasika indrindra ny bokin’andraikitra nankatoavina dia avoakan’ny Ben’ny tanana ampahibemaso ao amin’ny Birao Firaiketana ny fananan-tany, ary manondro ny fotoana nampanan-kery azy.

Sokajy IV
Ireo Fananan-tany mifanila amin’ny Tsitoko

Andininy 153:- Ny tompon’ny tany amoron’ny lalana akaikin’ny tsitokon-tany iray tsy tafiditra anatin’ny faritr’ilay tsitokon-tany izay, na rahoviana na rahoviana, aloha na

aorian’ny fanakilasiana ny lalana ho anisan’ny menabem-panjakana, mikasa hampiasa manontolo na amin’ampahany ny lahasam-panajariana atao, dia tsy maintsy mizaka ny loloha mitovy amin’ny iantsorohan’ny mambra ao amin’ny fikambanana sendikaly ihany.

Raha tian’ireny tompony ireny ny hanatsitoko ny taniny, na rahoviana na rahoviana, aloha na aorian’ny fanakilasiana ny lalana ho anisan’ny menabem-panjakana, ka ahitana ao amin’ny rafitsarin’ny ho tsitokon-tany ny lalana iray na maromaro nohajariana tamin’ny fampiharana izao toko izao, dia tsy maintsy onerany amin’ny vondrom-bahoaka voakasika ny lany tamin’ny manandrify ny taniny.

Ny vinavina fananganana tsitokon-tany dia tsy ahazo alalana raha tsy voaloa ny lany voalaza etsy ambony.

Toko III
Vondron-draharaha mpanatanteraka

Sokajy voalohany
Antokon-draharaham-panjakana manao ny asa fanajariana sy orinasa ifarimbonana amin’ny Fanjakana.

Andininy 154:- Ny antokon-draharaham-panjakana atsangana amin’ny fampiharana ity toko ity dia mahefa hanatontosa, ho azy tenany na, ombàn’ny fanekeny, ho an’ny Fanjakana, vondrom-bahoaka na antokon-draharaham-panajakana iray hafa, na hampanao izay rehetra firotsahana an-tsehatra mikasika ny fananan-tany sy lahasam-panajariana voalazan’izao fehezan-dalàna izao.

Andininy 155:- Ny fanajariana ny vangongon-tanàna sy faritry ny trano fonenana na faritry ny indostria dia mety ho tontosain’ny antokon-draharaham-panjakan na hampiandraiketina orinasa ifarimbonana amin’ny Fanjakana izay itanan’ny fikambanana mizaka ny zom-panjakana malagasy ny antsasany mihoatra amin’ny renivolam-pikambanana ampiasainy.

Didim-panjakana atao eo am-pivorian’ny Minisitra, araka ny tatitra ataon’ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana sy ny Minisitry ny fitantanam-bola, no mamaritra ny fombafomba fananganana sy ny fitsipika fampandehanana ny asan’ireo vondron-draharaha voalaza eto ambony ireo. Izany didim-panjakana izany no mandraikitra ny fepetra ahazoan’ireny vondron-draharaha ireny ny fampisahanana avy amin’ny Minisitra sy ny vondrom-bahoaka, ny fanatanterahana ny asa sy ny lahasa izay tandrifim-pahefany isanisany avy ary koa ny fitsipika fankatoavana ny fifanekena momba ny fampiandraiketin-draharaha ataon’ny manampahefana ambaratonga ambony.

Sokajy II
Momba ny fikambanana sendikaly

Zana-tsokajy voalohany:
Anton-draharaha sy fananganana ny fakambanana sendikaly

Andininy 156:- Ny mety ho anton-draharahan'ny fikambanana sendikaly dia:

1. ny fanatanterahana ny lahasam-panajariana sy fampitaovana ikatsahana ny tombontsoa iombonana, indrindra ny faritra malalaka, lalana mankamin'ny toeram-piantsonana sy taoraha hafa ahazoan'ny besinimaro tombontsoa;
2. ny fampitambarana ny sombin-tany, indrindra mba hoenti-manatontosa ny fanavaozana tanan-dehibe;
3. ny fandraisan'ny tompom-pananana rehetra voakasika anjara ara-bola amin'ny lahasam-panajariana na fampitaovana imasoan'ny vondrom-bahoaka.

Andininy 157:- Azon'ny manampahefana ara-pitondrana omen-dalana ny fananganana ny fikambanana sendikaly araka ny fangatahan'ny tompom-pananana voakasika na, raha ilaina araka ny finiavan'ny kaominina, raha toa miditra anatin'ny fikambanana ny roa ampahatelony ahay amin'ny tompom-pananana miara-mizaka ny roa ampahatelony ahay amin'ny velaran-tany.

Andininy 158: -Avela ho dinganina ny fitsipika momba ny ankamaroan'isa feran'ny andininy 157 eto ambony, fa ny manampahefana ara-pitondrana dia afa-manome alalana ny fikambanana sendikaly amin'ny fampitambarana sombin-tany, araka ny fangatahana ataon'ny tompon'ny tany na ny fifanarahanan'ny antsasany ahay aminy , rehefa nahazo ny fanamarihana avy amin'ny Sampandraharaha miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana , raha mavesa-danja tokoa ny farafetran'ny fampiasana ny zo hanao asam-panorenana voalazan'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe, noho ny toerana misy ireo sombin-tany na ny endrikendriny.

Andininy 159:- Mialoha ny fananganana ny fikambanana dia angonin'ny manampahefana ara-pitondrana ny faneken'ny filankevitry ny kaominina mikasika ny lahasa raha misy ny drafitra fanajariana tanan-dehibe efa notoavina eo amin'ny tanin'ny kaominina.

Andininy 160:- Hosoritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ny paika arahana, ny fomba fiasa ary koa ny karazanà fitsi-pitondrana ny fikambanana sendikalin'ny tompom-pananana.

Zana-tsokajy II
Fikambanana sendikaly sy fampitambarana sombin-tany

Andininy 161:- Ny fampitambarana ny fananan-tany dia manondro ny lahasa fanajariana ny fananan-tany tsy maintsy atao na ifanarahana izay enti-mampitambatra ny sombin-tany, n'aiza n'aiza toerana misy azy, an'olona iray na maromaro mba hisian'ny fitsinjarana vaovao ny fototra ifakàn'ny fananan-tany eo amin'ireo tompony ireo, rahefa nalàna ny toerana hisy ny fampitaovana itandroana ny tombontsoa iombonana sy hametrahana ny fotodrafitrasa ka ny tanjona kinendry amin'izany dia ny ahazoa-manao asam-panorenana amin'ireo tsinjaran-tany vaovao manan-tompo isanisany, ho fampiharana ny didy amam-pitsipika sy ny drafitry ny fanajariana tanan-dehibe, raha misy.

Andininy 162:- Ny drafitra momba ny fampitambarana ny tany dia ataon'ny fikambanan'ny sendikan'ny tompon-tany. Hisy rijan-tenin-didy amam-pitsipika hamenoana, raha ilaina, ny

fomba arahana amin'ny fampitambarana ny fananan-tany indrindra indrindra ny fanaovana ny fampitambarana ny fananan-tany tsy maintsy atao, ny famolavolana, ny fankatoavana, ny fananganana ny fikambanana sy fanatanterahana ny fampitambarana.

Toko IV
Firafitry ny famatsiam-bola ny fanajariana sy fananganana tanan-dehibe

Sokajy voalohany
Haba eo an-toerana amin'ny fampitaovana

Zana-tsokajy I
Seha-pampiharana

Andininy 163: -Ao anatin'ny velaram-paritra ampiharana ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe ifaharana na amin'antsipiriany, dia misy ny haba eo an-toerana amin'ny fampitaovana efaina noho ny:

1. famindram-pitompoana fanana-mifaka tafiditra, am-boalohany ao anatin'ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe notoavina, mahatonga azy ho afa-mandray tetikasa momba ny toeram-ponenana, indostria, fizahan-tany, varotra;

2. fisitrahana amin'ny fiovan'ny famaritana ny misy azy vokatr'izany, noho:

- ny fanovana ny drafitra fanajariana izay nampakatra ny tongoam-bidiny miharihary azo antoka mikasika ilay fanana-mifaka toa ny fiovan'ny faritra iray voatokana hisy toeram-ponenan'ny isam-batan'olona hanjary toeram-ponenana iombonambe amin'ambaratongany maromaro;
- ny sora-panekena ara-pitondrana nampakatra ny taham-pitomboan'ny fahazoa-mampiasa ny tany;

3. Fahazoana alalana hanatsitoko ny tany, hanao asam-panorenana na hanorina tsangan'asa tambabe taminà fanana-mifaka tsy mbola nandraisan'anjara tamin'ny asa fanajariana sy fananganana tanan-dehibe araka ny voalazan'izao andininy izao.

Andininy 164:- Ny haba momba ny fampitaovana eto an-toerana, ka ny taha dia ferana amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Filankevitra Kaominaly mifototra amin'ny isan-jaton'ny tombom-bidy azo na ny sandan'ny fifampivarotana na ny sandan'ny tetik'asa, amin'ny elanelana 1 hatramin'ny 5% dia takiana indray mandeha amin'ny fanana-mifaka ary tsy azo atambatra amin'ny sora-panjakana.

Andininy 165:- Tsy andoavana ny haba eo an-toerana amin'ny fampitaovana ny fanana-mifaka manaraka etoana:

- ny tany an’ny Fanjakana, an’ny vondrom-bahoaka eo an-toerana, misy ny lalan-kaleha sy ny fampitaovana ho an’ny besinimaro;
- ny tany voatokan’ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe hisy ny toeram-ponenana miaramila;
- ny fanana-mifaka tsy isian’ny vola miditra voatokana fotsiny ihany ho toeram-pivavahan’ny antokom-pinoana samy hafa na ho sekolim-panjakana;
- ny fanana-mifaka voatokana ho an’ny ambasady sy masoivoho vahiny;
- ny fanana-mifaka tràn’ny loloha ho tsy azo anaovan’asam-panorenana.

Zana-tsokajy II
Fikajiana sy famoriana ny haba eo an-toerana amin’ny fampitaovana

Andininy 166:- Ny haba eo an-toerana momba ny fanavaozana dia momba ny vola ary efaina atao lela vola.

Andininy 167:- Ny haba eo an-toerana amin’ny fampitaovana dia onerana tany mitovy amin’ny habetsahan’ny haba tokony haloa, raha toa ka fepetra fampanarahana ny hitsiny no antony mba hampisy velaram-paritra ho an’ny besinimaro.

Andininy 168:- Ny fomba arahana amin’ny fampiasana sy ny fanokanana ny haba amin’ny fampitaovana dia ferana amin’ny alalan’ny didy aman-dalàna.

Sokajy II
Sara momba ny fanadiovana

Andininy 169:- Ny Sara momba ny fanadiovana dia ampiharina eo anivon’ny Vondrom-paritra itsinjaram-pahefana ho fandraisan’anjaran’ny mpangataka fahazoan-dalana hisitraka filasiana an-tanan-dehibe, amin’ny fikarakarana sy/na fanorenana fotodrafitrasa sy/na fampitaovana ho an’ny besinimaro na lahasa fanajariana tohin’ny fananganana na tetikasa fanorenana na fanovana ny endriky ny velaran-tany ao anatin’ny faritry ny tanan-dehibe.

Andininy 170:- Ny sara fanadiovana dia avy amin’ireto:

- sara avy amin’ny fangatahana fampanarahana hitsiny sy fampitoviana rehefa vita sy natolotra ny fitanana an-tsoratra momba ireo;
- sara avy amin’ny fangatahana fahazoan-dalana hanorina rehefa natolotra ny didim-pitondrana manome alalana izany;
- sara avy amin’ny fangatahana fahazoan-dalana hanatsitoko rehefa natolotra ny didim-pitondrana manome alalana izany;
- sara avy amin’ny fangatahana fahazoan-dalana hiorim-ponenana rehefa natolotra ny ny fanamarinam-pifanarahana.

Andininy 171:- Ny fomba fizarana sy fampiasana ny sara fanadiovana eo amin’ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana voakasik’izany dia ferana amin’ny alalan’ny didy aman-pitsipika.

Sokajy III

Sara amin’ny fandrafetana ny fanomezana lalana amin’ny fanajariana ny tanàn-dehibe

Andininy 172:- Asiana sara mikasika ny fandrafetana ny fanomezana alalana amin’ny fanajariana ny tanàn-dehibe avy amin’ny Minisitera miandraikitra ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana ary ny sampan-draharaha itsinjaram-pahefana amin’ny lafiny fandrafetana ny fangatahana:

- fanomezana alalana amin’ny fifampiraharahana mikasika fanana-mifaka ;
- fahazoan-dalana hanorina ;
- fanamarinam-pifanarahana ;
- fampanarahana ny hitsiny any ivelan’ny Kaominina Ambonivohitra ;
- fahazoan-dalana hanatsitoko tany ;
- fahazoan-dalana handrava ;
- ary ny fahazoan-dalana hanototra na hisoroka tany.

Andininy 173:- Ny sara dia arotsaky ny mpangataka ao amin’ny kaonty misokatra ho amin’izany.

Andininy 174:- Ny fombafomba atao amin’ny fanombanana ny tetiny, ny fampiasana ary ny fitantanana ireo sara ireo dia ferana amin’ny alalan’ny didy amam-pitsipika.

Sokajy IV
Ny amin’ny tahirim-bola ho amin’ny fotodrafitrasa momba ny toeram-ponenana an-tanàn-dehibe

Andininy 175:- Ny « Tahirim-bola ho an’ny Fotodrafitrasa momba ny Toeram-ponenana an-tanàn-dehibe » misokatra ao amin’ny rejisitry ny Banky Foibe sy amin’ny anaran’ny Tahirim-bolam-panjakana dia atambatra ho Tahirim-bola ho amin’ny Fanajariana ny Tany.
Ny fombafomba fampiharana ity toko ity dia ferana amin’ny alalan’ny didy amam-pitsipika.

BOKY IV

MOMBA NY FAHAZOAN-DALANA HANORINA

Toko voalohany: Seha-mpampiharana, fanadihadiana ary fanomezana ny fahazoan-dàlana

Sokajy voalohany: Fitsipika ankapobe

Zana-tsojokajy voalohany: Fampanarahana ny hitsiny

Andininy 176:- Ny tompon-tany rehetra mikasa hanao asam-panorenana na fefy manaraka ny tandavan'ny làlàm-bahoaka dia tsy maintsy mangataka ny fampanarahana ny hitsiny sy fampitoviana ny fanambonin'ny lalam-bahoaka amin'ny hitsin'ny taniny.

Andininy 177:- Ny fangatahana fampanarahana ny hitsiny dia alefa amin'ny Ben'ny tanànan'ny kaominina voakasika.

Raha toa izany asam-panorenana hatsangana ao amin'ny faritry ny vangongon-tanana ankoatra ireo hatsangana manaraka ny tandavan'ny lalàm-pirenena, dia ny Ben'ny tanàna no mamaritra eo amin'ny tany anatin'ny fe-potoana roapolo andro manomboka amin'ny vaninandro ametrahana ny fangatahana, ny farafetran'ny lalam-bahoaka. Anaovana fitanan-tsoratra sosony roa ny lahasa tontosaina izay ahitana tsoa-tsoratry ny drafitry ny fampanarahana ny hitsiny ka ny sosony iray dia hijanona am-pelatanan'ny voakasika.

Ao anatin'ny fe-potoana dimy andro no andefasan'ny Ben'ny tanàna ny fangatahana any amin'ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana raha toa asam-panorenana hatsangana manamorona ny lalam-pirenena na an-tsaha aza no asiana azy.

Ny sampandraharaha mahefa voatondro etsy ambony no manoritra amin'ilay tany ao anatin'ny fe-potoana folo andro ny farafetran'ny lalam-bahoaka. Anaovana fitanan-tsoratra sosony roa ny lahasa tontosaina izay ahitana tsoa-tsoratry ny drafitry ny fampanarahana ny hitsiny ka ny sosony iray hijanona am-pelatanan'ny voakasika.

Andininy 178:- Raha toa ao anatin'ny fe-potoana taona roa ka tsy nampiasain'ny tompony ny fampanarahana ny hitsiny nasaina nataony, dia hatao ny fitanan-tsoratra momba ny tsy fampiasana izany ary tsy ho afa-manao asam-panorenana ny tompony amin'izany raha tsy misy ny fangatahana vaovao fampanarahana ny hitsiny ataony.

Raha toa misy fanovana ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe, ny fahazoan-dalana izay tsy nampiasaina dia maty momoka.

Raha vantany vao tanterahina ny fanorenana sy ny fanondrotana voalohany ny fototra na ny tamboho manamorona ny lalam-bahoaka, ny tompony dia tsy maintsy mampahafantatra ny Ben'ny tanàna amin'ny alalan'ny taratasy izay alefany any amin'ny sampan-draharaha mahefa mba hanaovana ny fitanana an-tsoratra momba ny fananganana.

Zana-tsokajy II
Alalana hanao asam-panorenana

Andininy 179:- Na iza na iza maniry hanao asam-panorenana dia tsy maintsy manana dieny mialoha fahazoan-dalàna hanorina. Izany adidy izany dia tsy maintsy iantsorohan'ny sampandraharaham-panjakana sy ny nampiandraiketina ny fisahanan-draharaham-bahoaka ary ny olon-tsotra ihany koa.

Torak'izany, na iza na iza maniry hanao asam-panorenana manova ny toetoetry ny tany ao anatin'ny vangongon-tanàna manana drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe dia tsy maintsy nahazo fanomezana alalana mialoha avy amin'ny manam-pahefana mahefa.

Takiana hatrany izany fahazoan-dalana izany amin'ny fananganana fefy, ny fanovana ny ety ivelany amin'ny tsangan'asa efa naorina, ny fanarenana sy fanamboarana ny taoraha vaventy, ny fampakarana ambony ary koa amin'ny asa enti-manova ny fitsinjarazarana anatiny amin'ny trano sy ny toeram-pidiovana.

Andininy 180:- Didim-pitondrana iraisan'ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana sy ireo Minisitra voakasika no amaritana ny lisitry ny asam-panorenana sy ny lahasa izay, noho ny karazany na ny tsy mampavesa-danja firy azy, nanaovana fanambarana mialoha, mety ahafahana amin'ny fahazoan'alalana raha toa izy ireny tsy iharan'ny fepetran-dalàna na didy amam-pitsipika manokana, ankoatr'izany. Izany fanafahana izany dia mety hampiharina indrindra indrindra amin'ny lahasa tontosain'ny sampandraharaham-panjakana na ny nampiandriketina ny fisahanan-draharaham-panjakana.

Mety ampiharina koa izany amin'asam-panorenana vonjimaika sy amin'ny lahasa tràn'ny hamehana izay miendrika fikajiam-pananana fotsiny ihany voasoritr'ireny didim-pitondrana ireny.

Andininy 181:- Ny fahazoan-dalàna hanorina dia omen'ny Ben'ny tanàna amin'ny anaran'ny Fanjakana, rahefa nilaza ny heviny mifanaraka amin'izany ny solontenan'ny sampandraharahan'ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana nomem-pahefana amin'izany, araka ny fombafomba sy fepetra ary anatin'ny fe-potoana faritan'ny sokajy II sy III eto ambany.

Izay rehetra didim-pitondrana hanomezan-dalana hanorina dia tsy maintsy ahitana ny andininy milaza ny tetiny manontolo amin'ny sara momba ny fanadiovana araka ny fanapahan-kevitra ny filan-kevitra ao amin'ny kaominina atovana ny fanomezana alalana ary koa ny fe-potoana voatondro hanefana io sara io. Sosony iray na kopian'ny tapakila fanefam-bola alefa amin'ny sampan-draharaha miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana ho an'ny tantsoratrela ao aminy sy ny fitanisana ny fahazoan-dalana nomena.

Ny sara momba ny fanadiovana dia aloa any amin'ny Lapan'ny tanàna misy ny fanorenana.

Sokajy II
Fombafomba, fepetra ary fe-potoana fanadihadiana ny fangatahana

Zana-tsokajy voalohany: Fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina

Andininy 182: - Ny fanadihadiana momba ny fahazoan-dalana hanorina dia mahakasika:

1. ny toerana, ny karazana, ny vesa-danjany, ny hangezany, ny fiorenany, ny endrika ankapoben'ny asam-panorenana kasaina hajoro ary ny firindrà ny amin'ny toerana manodidina, ka itandrovana ny didy amam-pitsipika

manan-kery eto amin'ny firenena momba ny fanajariana ny tanan-dehibe, ny fameperana momba ny tanan-dehibe ary ny loloha ara-pitondrana isan'ambaratongany, ampiharina eo amin'ny toerana voakasika ary koa ny fampitaovana ho an'ny besinimaro sy ho an'olon-tsotra efa misy na hamboarina.

2. ny fanajana ny didy amam-pitsipika ankapobe manan-kery mikasika ny tokin'aina, ny fitandremam-pahasalamana ary ny rindran'endrika amam-bika.

Andininy 183: -Ny fahazoan-dalàna hanorina dia andraisana fanapahana tokana raha mahakasika trano iray na maromaro atao fonenana ao anatina fananantany iray ka nanaovana fangatahana miaraka.

Andininy 184:- Afa-tsy amin'ireto tranga tanisaina manaraka etoana, ny fanapahana mikasika ny fahazoan-dalana hanorina dia tandrifim-pahefan'ny ben'ny tanàna:

- Raha toa ny kaominina iray anisan'ny ao amin'ny vondran-draharahan'ny fiaraha-miasan'ny samy kaominina, dia azony atao, rahefa ifanarahany amin'io vondron-draharaha io, ny mamindra aminy ny tandrifim-pahefany izay ny filohan'ny vondran-draharaham-panjakana ary no misahana azy amin'ny anaran'ilay antokon-draharaha. Izany famindram-pahefana izany dia tsy maintsy hamafisina toa io fomba io ihany isaky ny misy fanavaozana ny filankevitry ny kaominina na aorian'ny fifidianana filoha vaovaon'ny vondron-draharaham-panjakana.

- Tena raikitra ny famindram-pahefana amin'ny Ben'ny tanàna hanao izany amin'ny anaran'ny kaominina.

B- Ny fanapahana mikasika ny fahazoan-dalana hanorina dia tandrifim-pahefan'ny solontenam-panjakana amin'ny Faritra:

- -amin'ny asam-panorenana atsangana ho an'ireo antokon-draharaham-panjakana na ireo nampiandraiketina ny fisahanan-draharaham-panjakana miankina amin'ny Faritra;
- amin'ny asam-panorenana toerana fampiasan'olon-tsotra, amin'ny indostria na varotra na atao ho birao mihoatra ny dimanjato metatra toradroa ny velaran'ny fanambaniny;

C- NY fanapahana mikasika ny fahazoan-dalana hanorina dia tandrifim-pahefan'ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana:

- amin'ny asam-panorenana toerana fampiasa amin'ny indostria na varotra na atao ho birao mihoatra ny arivo metatra toradroa ny velaran'ny fanambaniny;

- amin'ny asam-panorenana atsangana ho an'ny Fanjakana, antokon-draharaham-panjakana na ho an'ny nampiandraiketina ny fisahanan-draharaham-panjakana miankina amin'ny Fanjakana;

- amin'ny asam-panorenana isan-karazany miendrika hamehana, na mahakasika ny fiarovam-pirenena na amin'ny fanorenana trano fonenana miendrika fanandramana;

Andininy 185:- Raha toa ny asam-panorenana iray ihany ka ilàna fanomezan'alalana maromaro isan-tsehatr'asa, dia ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-panorenana no manome ny fahazoan-dalana hanorina rahefa azo ireny fanomezan'alalana isan-tsehatr'asa ireny.

Amin'asam-panorenana miendrika fampitaovana ho an'ny besinimaro dia ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana no manome ny fahazoan-dalana hanorina rahefa voatolotry ny minisitera mpiahy ny heviny teknika.

Andininy 186:- Ny fangatahana fahazoan-dalana hanorina na fanekena mialoha dia atao araka ny fombafomba faritan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tana-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Izy io dia soniavin'ny tompon'ny tany manana titra fananan-tany, kadasitra na fanamarinana ny fananan-tany, soniavin'ny nomeny fahefana na ny mpanofa izay afa-manamarina ny fananany fahefana hanao ny asam-panorenana.

Andininy 187:- Na manao ahoana na toy inona, ny fangatahana dia alefa amin'ny Ben'ny tanàna ao amin'ny toerana anatanterahana ny lahasa.

Ny vaninandro ametrahana ny fangatahana dia hita fototra amin'ny tapakilam-paharaisana azy omen'ny Ben'ny tanàna na amin'ny filazam-paharaisana azy omen'ny paositra amin'ny fandefasana ny fangatahana an-taratasy rekomandeha.

Ny Ben'ny tanàna dia mampita, ao anatin'ny fe-potoana izay hoferana amin'ny didy aman-pitsipika, ny fangatahana amin'ny solontenan'ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana mba hanaovana fanadihadim-pifanarahana amin'ny fameperana ny fanajariana ny tanàn-dehibe.

Ampahafantariny azy ny fanamarihana ataony ary, raha misy ny tolo-kevitra arosony.

Andininy 188:- Ataon'ny solontenan'ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana ny fandinihana ny fangatahana ary anontaniany ny hevitr'ireo sampandraharaha teknika hafa anapariaham-pitondrana ny sehatra voakasiky ny tetikasa.

Angoniny ny fanekena, ny soson-kevitra na fanapahana voalazan'ny lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery.

Arosony ny fanamarihana ataony sy ny fameperana manokana mety hiankinan'ny fanomezana alalana angatahina.

Ny sampandraharaha rehetra na manampahefana tokony hanome ny heviny tsy nampahafantatra ny valinteniny ombàn'antonantony ao anatin'ny fe-potoana, ho ferana amin'ny didy aman-pitsipika, manomboka amin'ny vaninandro aharaisany ny fanontaniana ny heviny dia heverina fa mankasitraka.

Andininy 189:- Raha ilaina ampiharina ny fepetra fitandremana voalazan'ny drafitry ny fanajariana ny tanan-dehibe dia ampitain'ny solontenan'ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana amin'ny solontenam-panjakana amin'ny faritra ny antontan-taratasy miaraka amin'ny tolo-kevitra arosony ary ampahafantariny izany eo no ho eo ny Ben'ny tanàna sy ny mpangataka.

Manana fe-potoana dimy amby efapolo andro ny solontenam-panjakana amin'ny faritra hanapahany hevitra raha tokony ahantona ilay fangatahana.

Andininy 190:- Ny solontenan'ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana dia manome ny heviny mikasika ny tetikasa ary mampita izany heviny izany amin'ny manampahefana tompon'andraikitra amin'ny fandraisana fanapahana momba ilay fangatahana.

Andininy 191:- Raha toa ny hevitry ny solontenan'ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanjariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana mifanaraka amin'ny an'ny Ben'ny tanàna, dia ampahafantarin'ity farany ny fanapahana noraisina alohan'ny ahadilan'ny fe-potoana iray volana manomboka amin'ny vaninandro nametrahana ny fangatahana.

Ny kopian'io fanapahana io dia alefa amin'ny solontenan'ny sampandraharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana mba ho tahiritsiela.

Ny fe-potoana samihafa mahakasika ny fanadihadiana fangatahana fahazoan-dalana hanorina dia ho faritana amin'ny didy aman-pitsipika.

Andininy 192:- Raha toa ny hevitry ny solontenan'ny sampandraharaham-paritra eo an-toerana miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana tsy mifanaraka amin'ny an'ny Ben'ny tanàna, dia ampitain'ity farany ny antontan-taratasy hankamin'ny solontenam-panjakana amin'ny faritra mba handraisany fanapahana rahefa nanontanian-kevitra ny vaomieram-paritry ny fanajariana ny tany sy ny tanan-dehibe ary ampahafantariny izany eo no ho eo ny mpangataka.

Andnininy 193:- Raha toa ny fangatahana fahazoan-dalàna ka mikasika fanorenana trano fonenana, dia tsy maintsy voatondro mazava tsara ao amin'ny didim-pitondrana anekena ny fahazoan-dalana hanorina ny adidy ampiantsorohana ny mpanorina.

Andininy 194:- Raha toa amin'ny fanapahana raisin'ny manampahefana tompon'andraikitra ka ahitana fandavana manontolo na amin'ampahany ny fangatahana, na raha toa misy fepetra arahana na fanamarihana, dia tsy maintsy ombàn'antonantony izany ary ampahafantarina ny manampahefana tompon'andraikitra ambony.

Andininy 195:- Raha toa ny manam-pahefana mahefa ka tsy nanome ny fanapahan-keviny mikasika fahazoan-dalana hanorina araka ny fangatahana ao anatin'ny fe-potoana voalaza, ny mpangataka dia mampahafantatra ny manam-pahefana ara-panjakana miandraikitra ny fanaraha-maso ny maha-ara-dalàna ao amin'ny vondrom-bahoaka voakasika.

Ny fanapahana mikasika ny fahazoan-dalana hanorina avy amin'ny manam-pahefana mahefa, na nekena na tsia, dia tsy maintsy ampahafantarina ny Ben'ny tanàna ao anatin'ny

fe-potoana dimy ambin'ny folo andro manomboka amin'ny fandraisana izany fanapahana izany na ny hevitra avy amin'ny sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Raha toa ka tsy nampahafantatra ny fanapahan-keviny ny Ben'ny tanàna mikasika ny fahazoan-dalana hanorina ao anatin'ny fe-potoana voalaza, ny mpangataka dia mampahafantatra ny Lehiben'ny Distrika amin'ny alalan'ny taratasy rekomandeha miaraka amin'ny fangatahana ny naharaisana, izay mampahafantatra ny fanapahana amin'ny manam-pahefana mahefa.

Andininy 196:- Ny fahazoan-dalana hanorina dia mitsahatra tsy manan-kery raha toa ny asam-panorenana ka tsy manomboka ao anatin'ny fe-potoana herintaona manomboka amin'ny vaninandro nanomezana izany.

Torak'izany ihany koa raha toa ny asa ka miato mandritra ny fe-potoana mihoatra ny herintaona.

Ny fe-potoana mampanan-kery ny fahazoan-dalana mitovy amin'ny fe-potoana fanatanterahana ny asa, arakaraky ny halehiben'ny asam-panorenana, dia feran'ny manam-pahefana tompon'andraikitra arakaraky ny fe-potoana natolotry ny mpangataka.

Io fe-potoana io dia azo halavaina tsy misy fandrafetana antontan-taratasy vaovao raha toa ny fameperana amin'ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny loloha iantsorohan'ny fitondran-draharaha isan'ambaratongany izay nanankinana ny tetikasa ka tsy mivoatra amin'ny fomba mahomby araka ny fijeriny.

Andininy 197:- Mety hisy ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitra maindraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana manankina vonjimaika amin'ny mpiasam-panjakana avy amin'ny minisitera hafa, ny fanadihadiana ny fangatahana fahazoan-dalana hanorina sy ny fanamarihanam-pifanarahana mikasika ny asam-panorenana sasantsasany, indrindra raha toa izy ireny vatsiam-bola na ahazoana fanampiana avy amin'izany minisitera izany.

Andininy 198:- Azo atao ny manangana Toeram-pisahanan-draharaha tokana amin'ny fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina ary koa amin'ny fanomezana ny fanamarinam-pifanarahana eo amin'ny kaominina araka ny alalana omen'ny Ben'ny tanàna sy rahefa nifampidinika ny filankevitry ny kaominina voakasika.

Ny fombafomba fampiharana ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia hoferana amin'ny alalan'ny didy aman-pitsipika.

Zana-tsokajy II
Fomba fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina.

Andininy 199: – Ny fahazoan-dalana hanorina dia tsy afaka omena:

- raha toa ny asam-panorenana, amin’ny alalan’ny toerana misy azy na ny velarany ka manohintohina ny fahasalamana sy ny filaminam-bahoaka ;
- raha toa ny mpangataka ka tsy afaka manamarina ny zony amin’ny maha-tompony azy na ny fanomezana alalana avy amin’ny tompony.

Andininy 200: – Azo tsy omena ny fahazoan-dalana hanorina eo amin’ny faritry ny tany tsy lalovan’ny lalam-bahoaka na an’olon-tsotra ka tsy ahafenoana ny fepetra mifanentana amin’ny halehibe sy ny fanokanana ny trano na ny tambatry ny trano miorina eo, indrindra amin’izay mikasika ny tsy fahasarotan’ny fifamoivoizana sy ny lalan-kidirana sy ny fomba fankanesana eo mba hampahomby tsara ny ady atao amin’ny haintrano.

Izany dia mety hiankina:

1. amin’ny fanaovana tsangan’asa ahazoan’antoka tsara ny fijanonan’ny fiarakodia ivelan’ny lalam-bahoaka mifanandrify amin’izay ilaina amin’ilay trano haorina ;
2. amin’ny fanaovana fanajariana manokana mikasika ny lalan-kaleha sy mifandraika amin’ny hamaroan’ny fifamezivezena eo.

Andininy 201: – Ny fahazoan-dalana hanorina dia mety hiankina amin’ny fitandrovana na amin’ny fampisiana faritra rako-maintso mifanaraka amin’ny halehiben’ny trano haorina eo amin’ny lafiny habeny sy ny hampiasana azy.

Andininy 202: – Azo lavina ny fahazoan-dalana hanorina raha toa ny asam-panorenana noho ny toerana hisy azy, ny hanokanana azy na ny halehibeny ka mitaky ny fanatanterahan’ny Kaominina fampitaovana vaovao ho an’ny vahoaka izay tsy takatry ny hoenti-manana ankehitriny, raha tsy hoe manaiky ny hiantsoroka ny fanatanterahana izany fampitaovana ho an’ny vahoaka izany.

Andininy 203: – Amin’ny fanorenana trano atao ho fonenana mitambatra na tsia, ka ny fanorenana dia mitaky na ny fanajariana ny tanim-panjakana atokana ho fitahiry na ny loloha iantsorohana manokana amin'ny fampiasana ny tany, na ny fizarana ny sombin-tany, ary koa raha misy asam-panorenana trano na fananganana indostria, ny fanomezana fahazoan-dalana hanorina dia miankina amin'ny :

1. fanatanterahan'ny mpanorina ny asa ahafaha-miaina tsara, toy ny lalan-kaleha, ny fizarana ny rano, ny fivarinan'ny rano maloto, ny hazavana, ny fanaovana toeram-piantsonana, ny toera-malalaka na hambolena ;
2. fandraisana anjaran'ny mpanorina amin'ireo fandaniana mikasika ny fanatanterahana ny fampitaovana ho an'ny besinimaro izay mifandraika amin'ny zavatra ilain'ny asam-panorenana sy izay mety ho ilaina amin'ny fananganana izany ;
3. raha ilaina, ny asam-panorenana ny toerana manokana izay natokana ho fampitaovana ara-barotra ilaina amin'ireo zavatra takian'ny olona mipetraka ao amin'ny trano vinavinaina ;

4. fananganana fikambanana sendikaly izay miandraikitra ny fanavaozana ny fizakan-tany, ny fitantanana sy fikojakojana ny taoraha ary ny fanajariana ny tombotsoa iombonana.

Andininy 204:- Raha toa ny maha-zava-dehibe ny asam-panorenana, ny fitoetrany ary ny fanokanana azy ka manohintohina ny asa fanajariana ny tany sy ny tanàn-dehibe toy ny vokatry ny Rakitsarim-pirenena ho amin'ny Fanajariana ny Tany na ny Rakitsarim-paritra ho amin'ny Fanajariana ny Tany ary koa ny toromarika eto amin'ny firenena ho amin'ny fanajariana izay nofaranan'ny Governemanta, ny fahazoan-dalana hanorina dia tsy omena na dia eo aza ny fanajana ireo fameperana manokana ireo.

Andininy 205:- Ny fahazoan-dalana hanorina dia tsy azo omena na dia eo aza ny fanamarihana momba ny fameperana manokana, raha toa ny fitoetran'ny asam-panorenana, ny andefasana azy na ny habeany ka miteraka fiantraikany izay manimba ny tontolo iainana.

Andininy 206:- Ny fahazoan-dalana hanorina dia tsy maintsy ho lavina na tsy omena, na dia eo aza ny fameperana manokana, raha toa ny fitoetran'ny asam-panorenana, ny habeany na ny endrika ivelan'ny trano na taoraha izay hatsangana na ovaina ka manohintohina ny endrika na ny tombotsoan'ireo toerana manodidina, ireo toera-manintona ara-tantara sy ara-kolontsaina, ireo tontolon'ny voahary voajanahary na an-tanàn-dehibe ary koa amin'ny fitehirizana izay mety ho tsangambato.

Andininy 207:- Ao amin'ny faritra misy trangan'asa miorina, na dia ampahany fotsiny aza, izay mampiseho singan-toetra iray sy tsy ao anatin'ny fandaharanasam-panavaozana, ny alalana hanorina dia tsy maintsy ho lavina na miankina amin'ny fepetra manokana izay faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika nataon'ny Kaominina mba iantohana ny fampidirana ny asam-panorenana eo amin'ny tontolo manodidina.

Andininy 208:- Ny fepetra hafa momba ny fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina, indrindra ny fameperana mikasika ny fampanarahana ny hitsiny, ny velarana ambany indrindra amin'ny sombin-tany, ny sakany ambany indrindra amin'ny sisin-tany, ny haavo ambony indrindra ary ny taham-pitomboan'ny lalana amin'ny tany anaovana ny asam-panorenana dia soritana mazava amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Zana-tsokajy III
Fanomezana ny fanamariham-pifanarahana

Andininy 209:- Ao anatin'ny fe-potoana telopolo andro manomboka ny vaninandro ahavitan'ny asa, ny mpisitraka ny asa dia mametraka any amin'ny Lapan'ny tanàna ny taratasy fanambarana izay manamarina io fahavitana io, izany dia arafitra araka ny endrika voafaritry ny didim-pitondrana noraisin'ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana.

Ny Ben'ny tanàna no mandray ny tapakila nandraisana io fanambarana io.

Ny fanomezana ny fanamarinam-pifanarahana dia miankina amin’ny fananana taratasin'antoka mahasahana ny fiandraiketana mandritra ny folo taona izay zakain’ny mpanorina ao amin’ny firaisan-draharaham-panjakana rehetra ho an’ny asa fanorenana:

- trano fonenana misy rihana mihoatra ny 3 ;
- trano fianarana misy rihana mihoatra ny 2 na kilasy mihoatra ny 8 ;
- toeram-pitsaboana misy rihana mihoatra ny 2 na ahitana fandriana mihoatra ny 100 ;
- indostria misy rihana mihoatra ny 2 na mahazaka olona mihoatra ny 100 ;
- fivarotana na ahitana toerana natao handraisan'olona.

Andininy 210:- Amin'ny tranga izay nanatanterahana tsy nisy ny fanampian'ny manamahay iray momba ny tao-trano ny asa, dia hisy ny vaomiera izay hisahana ny fampitoviana amin'ny laoniny ny asa ka ny mpikambana ao aminy dia ho tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitera miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana. Ny tanjon'io fampitoviana amin'ny laoniny io dia ny mba hanamarinana raha toa ny asam-panorenana ka mahafeno ireo fepetra napetraky ny fitsipika manan-kery sy ny fahazoan-dalana hanorina.

Amin'ny tranga izay notarihin'ny manamahay momba ny tao-trano ny asa, na notanterahina eo ambany fanaraha-mason'ny mpiasam-panjakana iray, dia izy ireo no manamarina ny fifanarahan'ny asa.

Ny fanambarana dia ampitaina amin'ny solontenan'ny Sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana any amin'ny faritra, izay miantoka ny fampifanarahana ny asa amin'ireo fepetra voalaza ao amin'ny fahazoan-dalana hanorina.

Ny fampitoviana amin'ny laoniny ny asa dia azo atao avy hatrany, indrindra raha toa ny fanambarana ka tsy natao tany amin'ny lapan’ny tanàna tao anatin'ny fe-potoana telopolo andro voalazan'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity na raha toa ny fe-potoana fanatanterahana izay voalaza ao amin'ny fahazoan-dalana hanorina ka mihoatra.

Raha toa ny fampitoviana amin'ny laoniny ka mampiseho fa ny asa dia notanterahina tao anatin'ny fepetra manaraka ny fitsipika na tsy vita ny asa fanajariana izay nampiandraiketina ny mpanorina, ny olona voakasika dia ampandrenesin'ny solontenan'ny Sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana any amin'ny faritra ka ny fanamarinam-pifanarahana dia tsy azo omena azy.

Andininy 211:- Aorian'ny filazana ataon'ny vaomiera misahana ny fampitoviana amin'ny laoniny izay nametraka ao anatin'ny fitanana an-tsoratra, ny Ben'ny tanàna dia manome na mandà amin'ny alalan'ny didim-pitondrana omban'antony ny taratasy fanamarinana.

Ho an'ny asam-panorenana natao ho toeram-ponenana na indostria, ny fanamarinam-pifanarahana dia zary fahazoan-dalana hipetraka sy fanomezan-dalana ny besinimaro sy ny mpiasa hiditra.

Zana-tsokajy IV
Fepetra fampahafantarana ny besinimaro.

Andininy 212:- Ny filazana momba ny fanomezana ny fahazoan-dalàna hanorina dia tsy maintsy ataon'ny mpangataka peta-drindrina eny an-toerana, alohan'ny fiantombohan'ny lahasa sy mandritra ny fari-potoana aharetany.

Ny tsoa-tsoratra amin'ny fahazaoan-dalana hanorina, ankoatr'izany dia avoaka ho fantatry ny besinimaro ao anatin'ny havaloan'andron'ny nanaovan-tsonia azy, amin'ny alalan'ny peta-drindrina ao amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanàna mandritra ny roa volana.

Raha toa ny fanekena tsotra izao fotsiny no tian'ny mpanorina amaharana, dia anaovany fanambarana momba izany ao amin'ny toeram-piasan'ny Ben'ny tanàna, amin'ny alalan'ny peta-drindrina atao araka ny fepetra voatondron'ny andalana eto aloha.

Didim-pitondrana ataon'ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana no hamaritra ny fepetra ahazoan'izay rehetra voakasika mahafantatra ny taratasin-draharaha apetraka ho fahatry ny fangatahana fahazoan-dalana hanorina ary io didim-pitondrana io ihany no hametra ny lisitr'izy ireny.

Toko II
Mikasika ny didy amam-pitsipika momba ny asam-panorenana

Andininy 213:- Hisy ny didy amam-pitsipika atao hoe "Fitsipika ankapobe amin'asam-panorenana" hametra ny fitsipika momba ny fananana tokin'aina izay tsy maintsy hajaina amin'ny asam-panorenana ary koa ny fepetra tsy maintsy tandremana ho fitandroana ny fahasalamana, ny fifamoivoizana, ny fahazoan'ny olona tsy dia afa-mihetsika firy miditra sy mivoaka, ny rindran-damin'endrika amam-bika ary ny tsy fampanoinan-tsarotra ny besinimaro.

Ireo voalaza ho Fitsipika ankapobe amin'asam-panorenana dia ho faritana amin'ny didy aman-pitsipika.

Andininy 214:- Rahefa nanome ny heviny ny solontenan'ny sampandraharaham-paritra eo an-toerana miandraikitra ny fanajariana ny tanàna sy ny toerm-ponenana, dia azon'ny

Ben’ny tanàna ferana amin’ny alalan’ny didm-pitondrana atao hoe “fitsipiky ny kaominina momba ny asam-panorenana” ny mikasika ireo fepetra tsy voalazan’ny fitsipika ankapobe amin’asam-panorenana sy tsy voalazan’ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe.

Azony atao, araka ireo fombafomba ireo ihany, ny mandray fepetra fifehezana ny mari-drefin’ny tao-trano sy fitandremana ny rindran-damin’ny tontolon’ny voahary, indrindra amin’asam-panorenana novolavolaina araka ny teknika sy amin’akora eo an-toerana fampiasa hatrizay, eran’ny kaominina manontolo na amin’ampahany ihany.

Aorian’ny fifampidinihan’ny filankevitry ny kaominina no andraisana izany fitsipika izany.

Izy ireny dia tsy maintsy mifanaraka amin’ny fepetra voalazan’ny fitsipika ankapobe amin’asam-panorenana sy amin’ny voalazan’ny didy amam-pitsipika momba ny fanajariana ny tany.

Andininy 215:- Ny fepetra voalazan’ny fitsipika ankapobeny amin’asam-panorenana noraiketina taty aorian’ny fitsipiky ny kaominina momba ny asam-panorenana, dia misolo vaika avy hatrany ireo fepetra mifanohitra na tsy mifankaheny amin’ny voalazan’ireto farany.

Andininy 216:- Ny fitsipika ankapobeny amin’asam-panorenana voalazan’izo toko izao, dia ampioharina araka ny fepetra izay soritany, manerana ny tanim-pirenena, afa-tsy raha misy fepetra mifanohitra aminy raketin’izany fitsipika izany.

Toko III
Fahazoan-dalana handrodana

Andininy 217:- Ny fandrodanana rehetra, na manontolo na amin'ny ampahany, ny asam-panorenana iray, dia miankina amin'ny fananana fahazoan-dalana handrodana izay nomen'ny manam-pahefana tompon'andraikitra amin'ny fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina, aorian'ny fanehoan-kevitry ny solontenan'ny Sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana sy/na ny fanehoan-kevitry ny sampan-draharaha ara-teknika anapariaham-pitondrana ao amin'ny Minisitera voakasika.

Amin’izany ny mpangataka dia tsy maintsy manao fangatahana amin’ny Tompondraikitra mahefa izay ho afa-mitaky aminy raha ilaina, ny fampisehoana ny taratasim-panamarinana avy amin’ny injeniera iray misahan’asa amin’ny anaran’ny tenany, manam-pahalalana manokana momba firafitry ny tao-trano sy ny fahamarinan-toeran’ny trano miorina, izay manamarina fa tsy miteraka loza na fanelingelenana ho an’ny besinimaro sy ny manodidina ny fandrodanana ary mampandray, raha ilaina, ny fepetra fiarovana mba ho azo antoka ny tsanganan’asa miorina asam-panorenana sy ny lalana eny amin’ny manodidina.

Ny fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina dia mety hiankina amin’ny fanatontosana ny famakafakana na amin’ny fanatanterahana ny lahasa fanamafisana mikasika ny manodidina ilay asam-panorenana horavana.

Andininy 218:- Ny fanomezan’ny Ben’ny tanàna ny fahazoan-dalana handrodana dia tsy maintsy vita ao anatin’ny fe-potoana dimy ambin’ny folo andro raha ela indrindra manomboka amin’ny vaninandro nanomezana ny tapakilam-paharaisana ny fametrahana fangatahana.

Toko IV
Fanaraha-maso ataon’ny fitondran-draharaham-panjakana

Sokajy tokana
Ny amin'ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna ny fanajariana ny tanàn-dehibe

Andininy 219:- NY manampahefana ara-panjakana izay miandraikitra ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna dia omena ny soson'ny dika mitovy amin'ny fahazoan-dalana hanorina izay nomena.

Andininy 220:- Ny Ben'ny tanàna sy ny mpiasam-panjakana ao amin'ny Sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana dia afaka mitsidika amin'ny fotoana rehetra ny asam-panorenana sy/na ny fanatsitokoan-tany eo an-dalam-panatanterahana ary manao ny fanamarinana izay heveriny fa ilaina.

Ny Manampahefana tompon'andraikitra amin'ny fikajiana ny tany menabem-panjakana izay ny sisiny dia misy asam-panorenana eo an-dalam-panatanterahana, dia afaka manome toky fa voahaja ny lalam-bahoaka ao anatin'ny fepetra mitovy.

BOKY FAHADIMY
FANDIKAN-DALÀNA ARY SAZY

Andininy 221:- Raha ilaina, tsy tohinina ny fampiharana ny sazy henjana indrindra izay voalaza ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka, na iza na iza hanao sakana amin'ny fampiasana ny zo hitsidika izay voalazan'ny andininy faha-222 etsy ambany dia ho saziana handoa lamandy iray tapitrisa ka hatramin'ny dimy tapitrisa Ariary (Ar 1.000.000 ka hatramin'ny Ar 5.000.000).

Andininy 222:- Ny fampitsaharana ny asa dia afaka didin'ny Ben'ny tanàna izay nampiandraiketin'ny mpiasam-panjakana miandraikitra ny fitandroana ny fanarahana ny fitsipika mikasika ireo fahazoan-dalana hanorina sy/na fanatsitokoan-tany.

Andininy 223:- Iharan'ny sazy handoa lamandy, izay ny habetsahany dia mitovy amin'ny indroa amin'ny vidin'ny asam-panorenana, ny fanotofana sy/na fanesoran-tany, ny mpisitraka ny asa natao izay tsy mihevitra ny fiantsorohan'adidy napetraky ny didy amam-pitsipika, na ny fahazoan-dalana hanorina sy/na hanatsitokoan-tany izay nomena, tsy tohinina ny fiantsorohan'adidy handrodana sy ny hamerenana amin'ny laoniny ny tany izay hefain'ny mpandika lalàna.

Hisy ny Vaomiera hisahana ny fanombanana izay mametra ny habetsahan'ny vidin'ny asam-panorenana, ny fanotofana sy/na fanesoran-tany, ka ny mpikambana ao aminy dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana,

Ny manamahay momba ny tao-trano, mpandraharaha na olon-kafa tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana io asa io dia iharan'ny lamandy mitentina iray tapitrisa ka hatramin'ny roapolo tapitrisa Ariary (Ar 1.000.000 ka hatramin'ny Ar 20.000.000) isanisany.

Andininy 224:- Amin'ny tranga rehetra tsy fanarahana ny fitsipika mikasika ny fahazoan-dalana hanorina sy/na fanatsitokoan-tany, ny Ben'ny tanàna dia afaka mandidy :

- na ny fampifanarahana ny asam-panorenana na ny fanatsitokoan-tany nahazoana alalana ;
- na ny fandrodanana ny asam-panorenana tsy ara-dalàna mba hamerenana ireo toerana amin'ny endriny teo aloha.

Ny fanapahana momba ny fampitsaharana, ny fampanarahana na ny fandrodanana dia raisina araka ny fomba mitovy amin’izay mikasika ny fanomezana ny fahazoan-dalana hanorina sy/na hanatsitoko tany. Izany dia mety ho azo ampiakarina raha misy ny fanaparam-pahefana manoloana ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin’ny Fanjakana mahefa any amin’ny Faritra.
Mba hanatanterahana ny didim-pitsarana momba ny fampanarahana na fandrodanana, ny Ben’ny tanàna dia afaka mangataka ny fanampian’ny mpitandro ny filaminana.
Misy fitanana an-tsoratra tsy maintsy arafitra aorian’ny lahasa.

Andininy 225:- Ny vatantenan’olona na fikambanana manatanteraka asam-panorenana ka mandika ny fepetra voalazan’ity lalàna ity ary koa ny rijan-teny fampiharana azy, dia tsy maintsy manarina ny toe-draharaha momba azy any amin’ny manampahefana tompon’andraikitra any amin’ny Faritra nanome ny fahazoan-dalana hanorina na hanatsitoko tany ao anatin’ny fe-potoana manomboka ny nampahafantarana ny fitanana an-tsoratra ny fizahana fototra momba ny fandikan-dalàna nataon’ny manampahefana tompon’andraikitra na ny sampan-draharaha miandraikitra ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana, raha tsy izany dia mety ho tratran’ny fanerena handoa vola dimy alina ka hatramin’ny dimy alina sy roa hetsy Ariary (Ar 50 000 ka hatramin’ny Ar 250 000) isaky ny andro nampahatara izany.

Ny fanerena handoa vola dia ambara sy tombanana manomboka ny andro ampahafantarana ny olona voakasika ny fitanana an-tsoratra ny fizahana fototra mandra-pahatongan'ny andro ametrahan'ilay voakasika ny fangatahany famerenana amin'ny laoniny.
Ny fanapahana mifandraika amin'izany dia mety ho azo ampiakarina manoloana ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana mahefa any amin'ny Faritra.

Andininy 226:- Ny fanerena handoa vola ambara dia vorin'ny mpitan-kaontin'ny Tahirim-bolam-panjakana ho an'ny Kaominina izay handrotsaka ny vola voavory ao amin'ny fitehirizam-bolany.

Andininy 227- Raha toa iray volana aty aoriana ka tsy nisy vokany ny baiko hentitra nataon'ny Vadintany, dia omem-pahefana ny Ben'ny tanàna rehefa milaza ny heviny ny Filankevitry ny Kaominina, hampanao ny fandrodanana ny asam-panorenana tsy ara-dalàna tsy ananana fahazoan-dalana hanorina araka ny fepetra voalazan'ity fehezan-dalàna ity.

Ny mpitandro ny filaminam-bahoaka dia tsy maintsy manome tanana azy amin'ny fanatanterahana izany.

Andininy 228:- Ny fepetra voalazan'ity lohateny mikasika ny fahazoan-dalana hanorina ity ary koa ny didim-pitondrana horaisina ho fampiharana azy, dia hisolo vaika avy hatrany ny fepetra mifanohitra na tsy mifanipaka amin'izay voalazan'ny fitsipika soritan'ny kaominina.

Andininy 229:- Tsy tohinina ny fampiharana ny sazy henjana kokoa voalazan'ny Fehezan-dalàna famaizana, dia mety hiharan'ny sazy voalazan'ny andininy faha-223 amin'ity lalàna ity:

1. na iza na iza manao asam-panorenana, fanotorana na fanesorana tototra amin'ny tany ao anatin'ny faritra voarara anaovana asa fanajariana rehetra ;
2. na iza na iza manao asam-panorenana, fanotorana na fanesorana tototra amin'ny tany ao anatin'ny faritra azo anorenana tsy nahazoana fanomezana alalana.

Zary fandikan-dalàna mikasika ny didy amam-pitsipika momba ny fanotorana sy fanesorana tototra amin'ny tany:

- ny fanotorana sy ny fanesorana tototra amin'ny tany tsy misy fanomezana alalana ;
- ny asam-panorenana eo ambonin'ny tany nototofana na nesorina ka tsy nahazoana alalana ;
- ny fanomezana ny fahazoan-dalana izay tsy mifanaraka amin'ny fomba arahina manan-kery ;
- ny tsy fanajana ny drafitra nankatoavina sy ny fameperana ara-teknika amin'ny fanatanterahana ny fanotofan-tany izay nahazoana alalana.

Andininy 230:- Tsy tohinina ny famaizana izay voalaza mikasika ny fahazoan-dalana hanorina, ny fandikana ny didy amam-pitsipika mikasika ireo drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe,

tanjon'ny boky voalohan'ity lalàna ity, iharan'ny sazy izay voalazan'ny andininy faha-473 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka.

Andininy 231:- Ny tsy fanajana ny fiantsorohan'adidy voalaza ao amin'ny andininy faha-77 amin'ity lalàna ity dia manome zo ireo tompom-pananana taloha na ny anjoaniny amin'ny fitoriana fitakiana onitra aman-tsarany an'ilay tompon'ny zom-pialohana.

Amin'ny famelana handingana ireo fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny fitsarana ady madio dia dila tsy manan-kery mandritra ny dimy taona manomboka amin'ny filazana ao anatin'ny rejisitra ny amin'ny fanokanana na famoizana an'ilay fananana.

Andininy 232- Amin'ny tranga tsy fanarahana ny fepetra mikasika ny fanatsitokoan-tany toy izay voalaza ao amin'ny andininy faha-123 sy manaraka ity lalàna ity ary ny rijan-teny noraisina ho fampiharana azy, ny mpividy na ny mpanofa trano dia afaka mitondra eo amin'ny fitsarana ady madio mba hangataka ny fanafoanana ny sora-pivarotana na sora-panofana ny tany na ny asam-panorenana izay hita ao anatin'ny tsitokon-tany iray. Ankoatra izany, azony atao ny mampanonitra azy.

Andininy 233:- Ahitana ny fandikan-dalàna mikasika ny asam-panorenena :

- ny asam-panorenana tsy nahazoana alalana hanangana ao amin'ny faritra azo hanaovana asam-panorenana ;
- ny asam-panorenana hatsangana ao amin'ny faritra tsy azo hanaovana asam-panorenana ;
- ny asam-panorenana tanterahana tsy mifanaraka amin'ny drafitra nahazoana alalana sy amin'ny fameperana ny fanajariana ny tanàn-dehibe.

Andininy 234:- Ahitana ny fandikan-dalàna mikasika ny tsitokon-tany :

- ny tsitokon-tany tsy nahazoana alalana ;
- ny fanomezana ny fahazoan-dalana hitsitokon-tany tsy neken'ny manampahefana tompon'andraikitra ;
- ny tsy fanajana ny drafitry ny tsitokon-tany nankatoavina, ny fameperana ara-teknika mikasika ny tanàn-dehibe sy ny fanajariana ;
- ny tsy fanajana ny bokin'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny tsitokon-tany nahazoana alalana.

Andininy 235:- Ny fandikan-dalàna voalazan'ny andininy faha-233 sy faha-234 etsy ambony dia zahana fototra sy enjehina araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-221 sy manaraka amin'ity lalàna ity.

BOKY FAHAENINA
FEPETRA TETEZA-MITA SADY FARANY

Toko voalohany: Fepetra tetezamita

Andininy 236: - Ny drafitra fanajariana ny tanàn-dehibe ifaharana sy/na amin'antsipiriany nankatoavina tamin’ny vaninandro amoahana izao lalàna izao dia mbola fampihatra hatrany hatramin'ny vaninandron’ny rijan-teny fankatoavana ny drafitra vaovaon’ny fanajariana ny tanàn-dehibe ifaharana sy/na amin'antsipiriany izay hasolo azy ireo.

Andininy 237: - Ny fangatahana fahazoan-dalana hanorina voapetraka talohan’ny vaninandro amoahana izao lalàna izao dia homena araka ny fepetra voalazan'ny rijan-teny ampiharina manan-kery.

Andininy 238:- Ny fahazoan-dalana hanorina nomena talohan’ny vaninandro amoahana ho fantatry ny besinimaro izao lalàna izao dia tohizana hatramin’ny farany araka ny fepetra voalazan’ny rijan-teny ampiharina manan-kery.

Toko II –Fepetra farany

Andininy 239:- Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin’ity lalàna ity, indrindra ny voalazan’ny :

- hitsivolana laharana faha 60-167 tamin’ny 03 oktobra 1960 mikasika ny fanajariana ny tanàn-dehibe ;
- hitsivolana laharana faha 62-115 tamin’ny 1 oktobra 1962 mikasika ny fahazoan-dalana hanorina trano sy ny fanatsitokoan-tany ;
- didim-panjakana laharana faha 63-192 tamin’ny 27 marsa 1963 mametra ny fehezan-dalàna momba ny fanajariana ny tanàn-dehibe sy ny toeram-ponenana sy ireo rijan-teny fanovana sy fampiharana azy ;
- didim-panjakana laharana faha 87-287 tamin’ny 28 jolay 1987 ananganana ny Tahiry momba ny Fotodrafitrasa ho an’ny Toeram-ponenana An-tanàn-dehibe (FIHU).

Andininy 240:- Ity lalàna ity dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Ho tanterahana izany fa lalàm-panjakana.

Navoaka hanan-kery tao Antananarivo, ny 03 febroary 2016

RAJAONARIMAMPIANINA Hery Martial